## AMBATO-BOENY 5

# ANKIZILAHY NISY NAMONO, TANY ANATY RANO NO HITA NY LOHANY

## MARINA IZANY ! 6

### IZAY MIVOAKA BABANY...

## KITRA - FMF 11

### NAHAZO 1 250 000 DÔLARA TAMIN'NY FIFA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7848 Taona faha-26 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 18 aprily 2024


## FIFIDIANANA 6

### 473 NY KANDIDÀ DEPIOTE : IRMAR 120, FIRAISAN-KINA 68, KOLEKITIFA 16

## GOVERNEMANTA 7

# MINISITRA MPISOLO TOERANA FITO NOTENDRENA OMALY


1


2


3


4


5


6


7

1-Naina Andriantsitohaina
2-Ravokatra Fidiniavo
3-Zely Arivelo Randriamanantany
4-Razakaboana Hanitra Fitiavana
5-Rasata Rafaravavy Tafika
6-Landy Mbolatiana Randriamanantenasoa
7-Valery Ramonjavelo

## RIVODOZA GAMANE 15

### 338 000 MILIARA ARIARY NO HANARENANA NY TAKAITRA NAVELANY

### MAHATRATRA 1 400 MILIARA ARIARY NY HETRA TSY TAFIDITRA 8

## "FESTIVAL FANORONA" 14

### HATAO ETO ANTANANARIVO RENIVOHITRA







Krutambull

# Hiara-paly mandritra ny ora iray amin'ny mpankafy etsy Antsahamanitra

Fety roa sosona no entin'ny Kroutambull ho an'ny mpankafy etsy Antsahamanitra amin'ny Alahady izao miaraka amin'i Samoela sy Raboussa izay karakarain'ny SR Event hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Voalohany amin'izany ny fahatongavan' ny vahiny kely « Saraha » zanaka vavy voalohan'i Fetra Hasina Rakotoarivelo na Kroutam sy ny vadiny, ary ny faharoa dia ity eo Antsahamanitra ity no fampisehoana ankalamanjana voalohany iarahany amin'ny mponin'Antananarivo. Tsy manao ambanin-javatra fa mametraka ity seho ity ho isan'ny seho goavana tsy manam-paharoa ry zalahy satria ireo andrarezin'ny kanto sy ny mozika no tafiaraka. Ho an'i Kroutambull dia ora iray no hitondrany ny mpijery izay tonga eny Antsahamanitra hitety vanim-potoana amin'ny alàlan'ireo hira nampalaza azy sy be mpankafy indrindra. Notsogaina tao anatin'ny rakikira 2 efa nivoaka izy ireo fa eo ihany koa ny hira vaovao . 23 taona nanehoana ny kanto sy nizarana ny tsara, niarahana nifaly ary niara-nisaintsaina tamin'ny olona mikasika ny fiainam-piarahamonina sy ny tontolo ry Zalahy Kroutambull. Nitolomany, nanovany antso avo sy nodradrainy anaty mozikany hatrany ny tsindry mahazo ny sahirana, ny tsy fisian'ny lalam-panahafana mazava eo amin'ny tanora, ny antsana mampisaraka ny manana sy ny ory, ireo voadonam-pitiavana, ny tia kanefa tsy tiana, ny fisian'ny mizana tsindrian'ila sy ny maro hafa. Amin'io Alahady io indray no hikaloany izany miaraka amin'ny mpankafy. « *Hafana ny fiarahana ka izay tsy tonga no manenina ka ho tsaraovana indray ilay fotoana nihaonana tamin'ny mpankafy voalohany indrindra tao amin'ny Palais des sports izay ny filoham-pirenena Ankehitriny no nikarakara azy»* hoy Fetra Hasina Rakotoarivelo, mpitarika ny Kroutambull. Ho avy ao daholo ny ekipa mpitendry rehetra izay ahitana an'i Manoa mpitendry gitara Beso, Ralph sy Tsila mpitendry gitara, Rado mpively amponga maroanaka, Alain, Percussion, Romino mpitendry vato maro afitsoka, Riri, ary ireo mpihira roalahy Dia Black sy Karlan. Araka ny fanzavana hatrany dia tafiditra ao anatin'ny fandaharan-kira atolotry ry zalahy ilay hira hoe "Fitiavana mampitogaigy", aza atao an'izany", "Mifanajah", "Mamabelo" ary "Tia zao e !". Ity farany ity dia hira vaovao be ka izay tonga ao Antsahamanitra no aheno azy voalohany. Atolotro ho an'ny vady andefimandriko sy ny mpankafy rehetra io hira io » hoy i Krutam.



**Haharitra ora iray fiarahan'i Krutambull amin'ny mpankafy etsy Antsahamanitra ny alahady izao.**

**Nisafidy ny gadona « Ragga »**

Raha tsiahivina, tamin'ny taona 1999 no niforona ny tarika. Tamin'izany fotoana izany dia Radj Krutambull no anarana nentin'izy ireo. Noho ny antony maro samihafa dia nanapakevitra ny tsy hihira intsony i Radj fa nisafidy lalana hafa ka i Krutam no nanohy ny dia ary izy no nitarika hatramin'izao. Anarana amin'ny maha mpanakanto ny atao hoe « Non de Guerre »ny Krutam fa Krutambull no anaran'ny tarika. Hifangarona zavatra maro izy io na eo amin'ny mozika izay ataon'izy ireo aza fa indrindra koa ny fifangaroan'ny samy lehilahy ao anatiny. Ny « Ragga » moa no bahan-kira tena voizin'ny tarika noho ny faharesen-dahatr'izy ireo tany amboalohany fa azo ampiarahana sy ampivadiana tsara amin'ny mozika fototra eto amintsika ilay izy na dia avy any Jamaika aza no tena nihaviany.

**Hitety faritra**

Amin'ity taona ity, manana tetikasa maro ny Krutam-bull eo amin'ny mozika sy ny kanto ataony. Anisan'izany ohatra ny fampivadiana ny teknolojia vaovao sy ny hira nentindrazana. Efa nampiasa « Sound system » ihany ry zalahy fa mbola miketrika zavatra hafa ihany koa. Fa ankoatra izay dia manomana ny faha-25 niakarany an-tsehatra ihany koa ny tarika ka tafiditra ao anatin'izany ny fitetezam-paritra any amin'ny renivohi-paritany iarahany miasa amin'ny SR Event sy ny fampisehoana any ampitan-dranomasina.

**Tiaray R**

Andro iraisam-pirenena

# Ankalazaina anio ny andron'ny "Tsangambato sy toerana miavaka"

"*Toerana miavaka sy zava-naorina : Vonona hiatrika ny loza manambana".* Io no teny filamatra entin'ny Filankevitra iraisam-pirenena momba ny tsangambato sy toerana miavaka iraisam-pirenena (ICOMOS) amin'ity taona ity. Ny fiovaovan'ny toetrandro izay maresaka sy efa hita ankehitriny no lalan-tsaina nisintonana azy. Hankalaza izany ihany koa isika eto Madagasikara izay ny Minisiteran'ny serasera sy ny kolontsaina no mikarakara azy miaraka amin'ny komity nasionaly malagasy misahana ny ICOMOS. Ananantsika maro ny tsangambato manan-tantara. Misy amin'izy ireo no efa narodana misy anefa ireo mbola mijoro. Misy ny nanamboarina taty aoriana saingy tsy naharitra fa efa nirodana. Lohahevitra entina manamarika izany dia niainga avy amin'ny fiarovana ilay « Prisme » ao France izay fitambarana vera notapatapahina, ahitana endrika telo amin'ny fototry ny telozoro goavana,. Izy io dia fitaovana optika ampiasaina amin'ny fanapariahana ny taritry ny hazavana. Tsapa tokoa fa mihamitombo ny loza voajanahary izay ahiana hitarika amin'ny faharavan'ny toerana ara-kolontsaina sy ny fifindramonina. Amin'ny alàlan'io lohahevitra nasionaly io no hikarakarana ny hetsika karakarain'ny MSK izay hanomboka rahampitso. Anisan'izany ny fandefasana horonantsary fanadihadiana ao amin'ny TVM sy RNM momba ny tsangambato sy toerana mahazaka ny loza voajanahary. Eo ihany koa ny fitsidihan'ny Rova Antongona sy fizarana takelaka fanentanana samihafa. Rahampitso ka hatramin'ny 29 Avrily ihany koa hisy ny fampahafantarana ny toerana sy tsangambato eto amintsika. Ankoatra izay dia misy ny atrikasa (Agora) mitondra ny lohahevitra hoe "Tsangambato sy toerana mahazaka loza voajanahary" ao amin'ny lapan' Andafiavaratra. Ny tanjon'ity atrikasa ity dia ny hiverenana amin'ny lasa mba hisaintsainana ny lova iombonana niainga tamin'ny Satan'i Venise.



**Toerana miavaka sy zava-naorina : Vonona hiatrika ny loza manambana". no teny filamatra entin'ny ICOMOS amin'ity taona ity.**

Marihana fa ny taona 1982 no nanambarana tamin'ny fomba ofisialy ny andron'ny 18 Avrily ho andro iraisampirenena ho an'ny Tsangambato sy ny toerana miavaka. Ny sata iraisam-pirenena momba ny fiarovana sy ny famerenana amin'ny laoniny ny tsangambato sy ny toerana na ny Satan'i Venise nolaniana tamin'ny 1964, roapolo taona taorian'ny Ady Lehibe Faharoa no namaritra ao amin'ny andininy faha-3 "ny fikajiana sy famerenana amin'ny laoniny ny tsangambato, tanjona ny fiarovana ny asa kanto sy ny vavolombelon'ny tantara"

**Tiaray R**

**FAMOAHANA AN-GAZETY**

Ho fanatanterahana ny matoan'ny didin'ny Filoha laharana faha-090 tamin' 22 martsa 2024, ary koa ny andininy faha 232 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady madio, ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany Ambatolampy dia manome alàlana, an-dRamatoa RAKOTONIAINA Vololon'Oliva Lovasoa, monina ao Ambatolahy, Kaominina Ambatolahy, Distrika Antanifotsy handefa an-gazety ny didim-pitsarana laharana faha-648, tamin'ny 05 desambra 2023 izay ifanolanany amin'i RABEARISOA Iaritriniaina Jean Aimé, izay toy izao manaraka izao, ny vontoatiny :

NOHO IREO ANTONY IREO:

Mitsara ampahibemaso, natrehan'ny mpiady, amin'ny raharaha ady madio amin'ny dingana voalohany, rehefa avy nifandaharana tao amin'ny efitrano filankevitra;

Hita ny didy fampihavanana tsy nahitam-bokany laharana faha 294 tamin'ny 17 oktobra 2023,

Raisina ny fangatahana manaraka ny fombafomban'ady;

Ambara fa mitombona izany,

Tononina ny fisaraham-panambadian'i RABEARISOA Iaritriniaina Jean Aimé sy RAKOTONIAINA Vololon'Oliva Lovasoa noho ny tsinin'ny lahy,

Ambara fa rava ny fiombonam-pananan'izy ireo;

Didiana noho izany ny fizarana misasaka araka ny lalàna ny fananana iombonana raha mbola misy izany;

Didiana ny fandikana ny ventin'izao didy izao ao amin'ny bokimpiankohonana, amin'ny taona diavina ao amin'ny Kaominina Antanifotsy sy ny fametrahana ny filazana antsisiny, amin'ny sorapanambadiana laharana faha-025. tamin'ny 24 martsa 2006 voarakitra ao amin'ny bokim-piankohonan'ny Kaominina Antanifotsy, sy amin'ny sora-pahaterahan'ny mpivady tsirairay

Apetraka amin' i RABEARISOA Iaritriniaina Jean Aimé ny lany amin'ny fitsarana

Notsaraina araka izany ary navoaka ampahibemaso tamin'ny andro, volana ary taona voalaza ery ambony ary niarahan'ny Filoha sy ny Mpiraki-draharaha nanao sonia ny matoan'ity didy ity

Lazainay fa ity didy ity dia tsy azo ampiharina raha tsy tapitra ny telopolo (30) andro ary izany dia isaina manomboka ny daty anaovana ny famoahana an-gazety voalaza etsy ambony

MANARAKA IREO SONIA

G-CL811/1-1

**PUBLICATION**

En exécution de la grosse de l'ordonnance n°114 en date du 11 avril 2024, Dame RASOAMBOLATIANA Miora Tantely est autorisée à faire la publication du jugement civil n°104 du 19 mars 2024 rendu par le Tribunal de Première Instance d'Ambatolampy, dans un journal quotidien de la capitale, dans l'affaire l'opposant à Sieur JACQUES Njanahary Max José Minot, dont le dispositif suit :

PAR CES MOTIFS,

Statuant publiquement et contradictoirement à l'égard de la requérante, en matière civile et en premier ressort ;

Répute le présent jugement contradictoire à l'égard du requis ;

Vu l'ordonnance de non conciliation n°361 du 5 décembre 2023 ;

Déclare la demande recevable ;

La déclare fondée ;

Prononce le divorce entre les époux JACQUES Njanahary Max José Minot et RASOAMBOLATIANA Miora Tantely aux torts exclusifs du mari ;

Ordonne le partage des biens communs, s'il y a lieu ;

Ordonne la transcription du présent jugement dans le livre de l'état civil de l'année en cours dans la commune d'Antanifotsy, lieu de célébration du mariage ;

Dit que mention sera fait sur l'acte de mariage n°191 du 13 Juin 2008 ainsi que sur l'acte de naissance respectifs des époux ;

Confirme les dispositions de l'ordonnance de non conciliation n°361 du 5 décembre 2023 ;

Met les frais de l'instance à la charge du requis ;

Ainsi jugé et prononcé en audience publique civile, tenue les jour, mois et an que dessus et la minute du présent jugement à été signée par le Président et le Greffier

Cette publication est faite pour valoir plus ce que de droit et aucune voie de recours ne sera recevable passe le délai d'un mois.

SUIVENT LES SIGNATURES

G-CL810/1-1

# Tafa....sika

Anthony

## "Mifantoka kokoa amin'ny sehatry ny fanentanana aho izany hoe anaty mozika ihany"

*Anthony. Mpanakanto anisan'ny nasandratry ny pazzapa izy. Tsy henoheno ny lehilahy tato ho ato. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*







**Gazetiko** : Tao amin'ny pazzapa no nahafantarana anao voalohany. Tantarao ny lalana nodiavinao talohan'ny pazzapa sy taorian'izay

**Anthony :** « *Tamin'ny 2008 efa ela, izaho no nanao pazzapa dia nanohy mozika teny foana ihany moa taorian izay ka hatramin'izao. Namoaka" ny hirako"izay niarahako nihira tamin'ny ankizy nanao pazzapa niaraka tamiko,aveo namoaka "Tsy ho ahy"izay hirako nandeha manokana. Tamin'ny mbola kely izahay nampihainoan'i Neny Bessa , tena mbola kely mihitsy tamin'izany. Nanomboka teo no tena nahaizako sy nitiavako nihira ary nahaizako nifehy ireo karazam peo. Talohan'ny nanaovako pazzapa aho dia efa nanao « talenta sy kanto » ihany koa. Tsy voalohany aho tamin izany fa faharoa. Ny nahatonga ahy nanao pazzapa : te hahalala hoe hatraiza ny fifehezako ny tontolon ny mozika. Tao ihany koa ny nahafahako nandalina ny mozika satria ny pazzapa dia fianarana fa tsy fialamboly araky ny nieritreretana azy! Ary nahazoko tombony betsaka tamin'ny fiainana hatramin'izao* ».

**Gazetiko** : Aiza ho aiza izao i Anthony? Manana zavabaovao ve ianao ato ho ato ? Ianao ve mamoron-kira ? Firy ny hira noforoninao? Firy no vita rindran-tsary ?

**Anthony** : « *Amin'izao indray nifantoka kokoa amin'ny sehatry ny fanentanana aho izany hoe anaty mozika ihany fa tsy dia niditra lalina be ao anatin'ny sehatry ny famoronana!!Ny hira mamorona ihany koa aho fa ny fotoana amoahana azy sy ny lamina mbola enjakenjana moa ny fotoana somary tery! Fa hiezaka hamoaka hira ihany aho amin'ny ity taona ity. Ny hira noforoninako(nay) satria tsy maintyy misy ihany koa manotany ny olona matianina ao anatin ny famoronana manampy amin'ny famoronana sy ny fanatanterahana azy. Efa niara-niasa tamin'ny tarika ihany aho taloha ka tsy dia voaisako loatra ny rakitsary tamin'izany* ».

**Gazetiko** : Ankoatra ny hira. Inona no tena fivelomanao? Mahavelona ve ny mihira eto amintsika? Ahoana ny fahitanao ny tontolon'ny hira sy ny showbiz eto amintsika?

**Anthony** : « *Ny asa fivelomako manana boite izay izaho ny mpiara miasa amiko(4shoot)misehatra bebe kokoa amin'ny team Building izahay. Ao anatin'izany ihany koa ny fampianarana satria misy mpampianatra miara-miasa izay manoro sy mampihofana ireo olona efa tafiditra amin'ny sahatry ny asa!!!Manaraka ao ihany koa moa ny mozika satria amin'ny maha team building azy dia milalao sy mianatra ary mialavoly(mihira,mihaino hira no tian'ny mpanjifa* ».

**Gazetiko** : Mifototra amin'ny inona ny tononkiranao? Rehefa amin' ny fotoana inona ianao no mamoron-kira? Inona daholo ny zavamaneno voafehinao?

**Anthony** : « *Tononkiram-pitiavana no tena tiako. Mizara fitiavana no haiko kokoa ny mamorona azy! Ny fotoana amoronana indray, tsy mifidy fa rehefa misy ny aingam panahy dia miezaka manoratra kely dia tohizana indray amin'ny fotoana manaraka fa tsy vita eo no eo. Zava maneno indray ny gitara no tena tiko sy voafehiko fa mitendritendry ny zava-maneno rehetra ihany koa aho* »

**Gazetiko** : Inona no torohevitra omenao n'y tanora te hivazo? Inona no hitanao olana amin n'y zavakanto eto amintsika?

**Anthony** : « *Ho an'ny tanora, tsy misy afatsy ny fiezahana manao zavatra tsara sy kanto. Manontany ny hevitry ny hafa hoe mety ve ny ataoko. Ny olana malalaka loatra ilay sehatra eto amintsika ka tokony hisy ny masontsivana ahafahana mamoaka zavatra tsara. Betsaka ny hira tsy manjary tena mamono sofina na hira na rakitsary fa ireny moa hita miavaka eny foana ny vary sy ny tsiparifary. Ny mozika amiko, tsy zavatra mandalo toy hatanorana fa mitoetra misy ho henoin'ny taranaka sy angalan' izy ireo lesona sy aingam-panahy ihany koa!!Anisan'ny olana hitako eto amintsika izany. Mozika tsy maharitra izany fa andalovan ny sofina sy ny hatanorana fotsiny nefa tokony zavatra hitoetra sy afaka lalaovinao na dia efa lehibe sy nahazo taona azy ianao any aorina any* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Rodrigue -MBC Ivato

## Mampanantena fampisehoana miavaka ny mpikarakara

Afaka 2 andro sisa dia ho raikitra ny fampisehoan'i Rodrigue. Ilay mpanakanto mpiangaly hatsikana frantsay ho avy eto amintsika. Araka ny fantatra, rahafak'ampitso sabotsy 20 aprily 2024 manomboka amin'ny 3 ora folakandro no hiaka-tsehatra eny amin'ny efitrano malalaky ny MBC (Mining Business Center) Ivato i Rodrigue. Voalaza, fa rahampitso zoma izy no higadona eny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato. Nanome toky ny Ethnika Event, mpikarakara fa anisan'ny fampisehoana miavaka ary hanamarika ny taona ity fiakarana an-tsehatr'i Rodrigue eto amintsika ity.

Fotoana iray hahafahan'ny malagasy miaina izany hatsikana frantsay amin'ny endrika ankehitriny izany io seho eny amin'ny MBC Ivato io, hoy ny tomponandraikitra. Marihina fa nahazo loka tamin'ny Festival d'Humour de Paris tamin'ny taona 2022 i Rodrigue. Mbola ao anatin'ny fahatanorany tanteraka ny lehilahy, 29 taona izy ankehitriny nefa manana talenta sy maro mpankafy tokoa any ivelany any.

**Sombiniaina**

Araka ny fantatra, hisy mpanao "stand-up" malagasy hiray sehatra amin'i Rodrigue eny an-toerana. I Sombiniaina izay anisan'ireo be mpankafy ary manana talenta miavaka amin'ireo mpiangaly stand-up eto amiontsika. Anisan'ny teny mahatsikaiky navoakany tao amin'ny pejiny ny hoe : "*Mba te hizara tsiky no antony anoratako. Fa raha tiko ho lagy ianao nozaraiko faktioran'ny Jirama*", hoy izy.

**Fy**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, machine, TV, bisikileta, kahie, debara. Mama SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-8)

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 793/20-13)

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA802/15-6)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA805/10-1)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-8)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 804/4-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard… Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-6)

Fenoarivo

# Renim-pianakaviana iray hita faty tany anaty tatatra

Renim-pianakaviana iray no hita faty tany anaty tatatra tany ambany andrefana Ambohidrazana any amin' ny kaominina Fenoarivo eny atsimondrano. Tsy nahitana ratra ivelany tamin'ny vatan'ilay vehivavy. Olona tany an-toerana no nahita voalohany ny razana ary nampandre ny fokonolona. Vetivety dia vory lanonana ireto farany nijery ny razana raha vao nahita ny zava-nitranga. Nampiakarina antanety ity vatana mangatsiaka tao anaty rano ity. Efa nisy nampandre mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka tonga nidina ifotony tany an-toerana nanao fizahana. Niaraka tamin'izy ireo tany ihany koa ny dokotera lehiben'ny CSBII Fenoarivo. Fantatra fa maty an-drano no anton'ny fahafatesan'ity vehivavy ity. Tsy fantatra hatreto izay mombamomba azy satria tsy nahitana taratasy nahafahana namantatra azy tany aminy. Tsy nisy nahafantatra azy ihany koa ny olona teny an-toerana. Nilaza fotsiny ireto farany fa mety tsy dia salama saina loatra ilay vehivavy. Fantatra mantsy fa afakomaly izy mbola hitan'ny olona nivezivezy teny amin'ny manodidina teny. Dia izao ny fatiny izao no hita tao anaty tatatra. Vehivavy manify izy, mainty fihodirana. Eo amin' ny 1,65 m eo ho eo ny halavany ary fohy tanteraka ny volony. Efa naterina teny amin'ny tranom-paty eny amin' ny hopitaly Fenoarivo ny razana taorian'izay.

T.H

Antanimora

# Efa-dahy nanafika tokantrano, voaroba ny vola 4 500 000 ariary sy ny fiara



Zanaky ny mpamilin'ny tompon-trano ihany ny iray amin'ireto voasambotra.

Tokantrano iray no niharan' ny asan-jiolahy teny Antanimora ny 7 aprily lasa teo ka vola mitentina 4 500 000 ariary no lasan'ireo jiolahy tamin'izany sy finday roa, tablette iray, fahitalavitra iray niampy firavaka volamena maro ary lasan'ireo jiolahy hatramin'ny fiara iray ihany koa. Efa-dahy nirongo fitaovam-piadiana no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny teny an-toerana ka vantany vao tonga izy ireo dia nanao ny fomba rehetra nidirana amboletra tao anaty trano ary nanambana tamin'ny fitaovam-piadiana nentiny avy hatrany ireo olona hitany tao. Tsy vitan' izay fa mbola nampiasa herisetra ihany koa ry zalahy, novonoiny mantsy ireo tompon-trano ka naratra mafy. Voafehin'ireo mpanafika izy ireo avy eo ka nahazoany ireo vola sy entana tiany nalaina tao an-trano ireo. Dia lasa ry zalahy nitsoaka niaraka tamin'ny fiaran'ny tompon-trano ihany.

*Tsy vitan'izay fa mbola nampiasa herisetra ihany koa ry zalahy, novonoiny mantsy ireo tompon-trano ka naratra mafy.*

**Zanaky ny mpamily**

Taorian'izay dia nandeha nampandre ny zava-nitranga nankany amin'ny polisy ny tompon-trano ary nametraka fitoriana. Nandeha ny fanadihadiana sy fikarohana ireo mpanafika ka fantatra ny toerana mety ahitana an-dry zalahy ary ny iray no tra-tehaka teny Andravoahangy ny 11 aprily lasa teo. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ilay io taorian'ny fisamborana ary nandritra ny famotorana natao azy no nahafantarana ireo olon-dratsy sasany. Voasambotra teny Ankadifotsy araka izany ireo telo lahy hafa. Araka ny fantatra dia zanaky ny mpamilin'ny tompon-trano ihany ny iray amin'ireto voasambotra ireto. Niakatra fampanoavana ny alatsinainy lasa teo ny raharaha ka nanapakevitra ny mpitsara ny hampiditra am-ponja vonjimaika an'ireto lehilahy efatra ireto eny Antanimora mandrapahatonga ny fotoampitsarana azy ireo.

T.H

Bongatsara

# Lehilahy iray voalaza fa saika hangala-jaza voasambotry ny fokonolona

Lehilahy iray 42 taona no voasambotry ny fokonolona tany Ambodivona ao anatin'ny fokontany Antsahabe kaominina Bongatsara afakomaly. Voalaza tamin'izany fa saika hangala-jaza io olona io. Ankizivavikely 5 taona no lasandralehilahy tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana azo dia nilaza ny olona teny an-toerana fa Araka ny fanazavana dia nilaza ny olona teny an-toerana fa niara-nilalao tamin'ny namany teo an-tokontany ity ankizivavikely ity. Nony avy eo dia tonga avy any ity lehilahy ity nanatona sy nanambitamby azy ireo. Fantatra fa nanaiky nanara-dia andralehilahy io ankizivavikely io fa ny zazalahikely iray hafa tokony ho 5 taona kosa nandà tsy nety nanaraka azy. Nandritra izany anefa, tsy nampoizin'ilay olon-dratsy dia nisy olona nahita ny zava-niseho. Tsikariny ho hafahafa ny fihetsik'ilay rangahy. Avy hatrany io olona io dia niantso vonjeo sady nitsoaka kiririoka sady lasa nandeha niantso ny ray aman-drenin'ilay zazavavikely. Vetivety dia vory lanona ny fokonolona rehefa naheno ny tabataba sy antso vonjy.

**Horonam-peo**

Nisy nampandre mikasika ity tranga ity ihany koa ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Andoharanofotsy ka nankany an-toerana nijery ifotony ny zava-niseho. Ilay lehilahy efa voasambotry ny fokonolona no hitan'izy ireo ka nosamborina izy ary nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana natao andrimaso. Araka ny fanampim-panazavana hatrany dia voalaza fa nisy horonam-peo voarain'ny fianakavian'ilay zazavavikely mirakitra ny feon'ity lehilahy voasambotra ity talohan'ny nahatongavan'ny zandary nilaza fa nisy nanakarama hangala-jaza izy ka 300 000 ariary no karamany rehefa tonga ny entana, dia ilay zaza azo izany. Nanonona anaran'olona roa ralehilahy tamin'izany. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana.

T.H

## TATSY SY TAROA

**# Nisehoana lozam-pifamoivoizana indray tamin'ny làlam-pirenena faharoa iny omaly maraina** teo Brickaville. Fiara mpitatitra entana iray no voalaza fa tapaka hisatra ka nifatratra tamin'ny kamiao citerne teo alohany. Tafala ny làlana mihitsy ilay fiara mpitatitra entana. Vokany, potika avokoa ireo entana nentiny ary samy nisy fahasimbàna ny fiara roa. Nisy naratra tao amin'ilay fiara nandona. Soa ihany fa tsy nitondra solika ilay camion citerne tamin'io. Efa mandeha ny fanadihadiana.

**# Lehilahy telo voasambotry ny mpitandro filaminana noho ny halatra sokatra** tao amin'ny kaominina Beheloka, distrikan'i Toliara II ny Talata lasa teo. Izany dia vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny fokonolona sy ny mpiasa avy ao amin'ny Madagascar National Park(MNP). Tratra teny amin'izy ny sokatra miisa fito ambinifolo. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa fito lahy izy ireo no niray tsikombakomba tamin'io halatra sokatra io saingy tafatsoaka ireo namany efa-dahy. Mbola mitohy ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana azy ireo amin'izao.

R.C

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Ambato-Boeny

# Ankizilahikely vao 8 taona nisy namono, tany anaty rano no hita ny lohany

*Maty voatifitry ny zandary ilay lehilahy tomponantoka tamin'ny famonoana io zaza io.*

Vonoan'olona feno habibiana indray ity nitranga tao amin'ny kaominina Anjiajia, distrikan'i Maevatanana ity. Ankizilahikely vao valo taona monja no maty nisy namono. Notapahina ny lohany ary natsipy tany anaty rano avy eo. Araka ny fanazavàna azo, ny tolakandron'ny 11 Aprily lasa teo no nanomboka tsy nahitàna ity ankizy ity raha nandeha niandry ondry tao Ambalakazaha. Nisy olona nampiresaka ilay zaza tamin'io ary nentiny nanaraka azy. Hitan'ireo ankizy namany tsara izany saingy tsy nanam-po na inona na inona ireo. Tany anefa ilay zaza dia tsy niverina intsony satria tsy tonga nody tany an-tranony. Ireo ondry nandrasany aza taraiky tany an-tsaha. Nikoropaka nikaroka azy ireo Ray aman-dReniny taorian'izany ary nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Niaranisahalahy tamin'ny fikarohana azy ny rehetra. Ny 12 Aprily maraina no hita tao anaty rano ny lohany fa ny vatany kosa tsy hita hatramin'izao, izay toy ny notapahana roa mihitsy.



Ilay iray voasambotra !

**Voasambotra**

Nanohy ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olondratsy hatrany ny zandary. Ka araka ny loharanombaovao voarain-dry zareo no nahafantarana fa miafina ao amin'ny tanàna kely iray tokony ho 3 kilaometatra miala ny kaominina Anjiajia ireo olon-dratsy ireo. Nidina tany an-toerana avy hatrany ny zandary ka tratra tao amin'ilay toerana voatondro tokoa ireo. Mbola nikasa hanohitra ihany anefa ireo ka lavon'ny balan'ny zandary ny iray ary azo sambo-belona kosa ilay namany satria roa lahy izy ireo no tao. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa io maty io no anisan'ny tomponantoka tamin'ny famonoana ilay ankizilahikely. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ireo rehetra mpiray tsikombakomba amin'izy roa lahy ireto satria mbola tsy fantatra hatreto ny tena antony namonoana ilay ankizy toy izao.

**R.C**

Ambohibao

# Nidoboka eny Tsiafahy ilay rangahy nahabevohoka ny mpanampiny



Ilay mpanolana !

Ankizivavy iray tokony ho dimy ambin'ny folo taona niasa tamin'ny tokantrano iray teny Ambohibao no niharan'ny fanolanana sady bevohoka efa ho enimbolana izao. Raha ny fanazavàna azo dia efa nandritra ny herintaona sy tapany teo no nanolanan'ilay rangahy mpampiasa azy ity ankizivavy ity. Tokony ho valo amby efapolo taona eo ilay rangahy. Voalaza fa rehefa tsy misy olona ao antrano fa ilay rangahy sy ilay mpanampy irery dia eo no hanararaotany hanaovany ny filàn-dratsiny amin'ity farany. Rahonany tsy hitantara na amin'iza na amin'iza ilay ankizivavy ka niaritra izay nataony teny foana. Rehefa ela ny ela anefa dia bevohoka ilay zazavavikely ary teo vao taitra ny tao an-trano. Voatery nitantara tamin'ny havany momba izany ihany koa ilay ankizivavy satria nitombo ihany ny kibo ary tsy azo nafenina intsony.

**Nitory**

Raha vao nandre izany ny fianakavian'ilay ankizivavy dia tsy nanaiky fa nitondra ny raharaha tany amin'ny mpitandro filaminana. Nametraka fitoriana tao amin'ny zandary Ambohibao izy ireo. Natao ny fanadihadiana ary taorian'izany dia nosamborina ilay rangahy. Natolotra ny Fampanoavana avy hatrany rehefa vita ny famotorana nataon'ny zandary azy. Fantatra taorian'izany fa nalefa eny amin'ny fonjaben'ny Tsiafahy ilay rangahy miandry ny fotoam-pitsaràna azy. Mbola manamafy hatrany ny zandary fa ny fiarahana amin'ny zaza tsy ampy taona dia midika ho fanolanana foana na sitrapon'ilay zaza na tsia ka tsy maintsy enjehin'ny lalàna.

**R.C**

Toamasina

# Rava ny tambajotra mpangalatra môtô sy mpanao fanafihana

Tokantrano iray tao amin'ny fokontany Mangarivotra atsimo kaominina ambonivohitry Toamasina no nisy namaky ny alin'ny alatsinainy teo. Very nandritra izany ny môtô scooter iray sy ny vola 2 100 000 Ar, miampy fahitalavitra "écran plat marika sharp". Taorian' ireo zavatra very ireo dia nametraka taratasy fitoriana tany amin'ny tobim-paritry ny zandarimaria ny tompon' ny trano vaky. Niroso ny fikarohana ka tamin'ny alàlan'izany no nahafahana nisambotra lehilahy iray nandray anjara tamin'io asa ratsy io, izay monina ao Ambolomadinika. Taorian'ny famotorana izay natao azy dia nilaza izy fa telo lahy ry zareo nanao ity vaky trano ity ary izy ireo no nifampizara ilay vola sy nangalatra ilay môtô.



Mpangalatra môto ao Toamasina !

Nilaza ihany io fa efa nisy nividy ilay kodiaran-droa nangalarin'izy ireo ka lehilahy iray mipetraka any Mangarano no nandray izany. Tra-tehaka ihany koa io farany ary rehefa natao fisavana ny tranony dia mbola nahitana môtô hafa . *"Hita ihany koa ny toerana fandokoan'izy ireo môtô halatra ary mbola nahatrarana moto telo hafa tao sady tsy nisy taratasy mazava. Raha atotaly dia moto dimy nosarona, ary efa nogiazana ao amin'ny zandary Toamasina ary efa naverina amin'ny tompony ihany koa ilay môtô very tao amin'ny trano nisy namaky voalaza etsy ambony ":* hoy ny fanazavana.

**Lehiben'ny jiolahy**

Tafiditra amin'izay tranga tsy fandriampahalemana ao andrenivohitry ny faritra Antsinanana izay hatrany dia nisy fanafihana mitampiadiana niseho ihany koa tao amin'ny Bazar verrerie fokontany Tanamborozano, firaisana anjoma,distrikan'i Toamasina I, ny 28 martsa 2024 lasa teo. Mpivarokena no lasibatra ary tonga teo antsena izy no nambanan'ireo jiolahy tamin'ny basy. Voaroba tamin'izany ny kitapo nisy ny vola 5 tapitrisa ariary, finday lafo vidy marika iphone 12 pro max, finday iray marika samsung z flip 4. Rehefa azon'ireo jiolahy izany dia nitsoaka tamin'ny môtô ry zareo. Telo lahy no nanatanteraka ity fanafihana ity raha fanazavan'ny lasibatra . Voasambotra avokoa moa ireo jiolahy ireo rehefa natao ny fikarohana. Ireto farany dia fatan-daza amin'ny fanafihana ao Toamasina ao sady lehiben'ny jiolahy efa ela nokarohina.

**Deyland**

Fandriampahalemana any Anjozorobe

# Sesilany ny fitarainana nefa toa tsy andrenesampeo ny tompon'andraikitra

Am-bolana maromaro izao no velon-taraina noho ny fisesisesin'ny fakàna an-keriny ny tokantrano maro any Anjozorobe izay tsiahivina fa tsy lavitra ny Renivohitra. Nisy ny naratra vokatry ny herisetra ataon'ny jiolahy. Nisy ny olona lasan'ny dahalo ary mbola tsy tafaverina. Tao ny nandoa volabe saran'ny famerenana ny havany izay nataon'ny jiolahy takalonaina. Nisy mihitsy aza ny namoy ny ainy. Sesilany ny fitarainan'ny fianakaviana, eny ny mponina amin'ny ankapobeny izay mitoreo noho ny tahotra sy ny fitaintainana ka mila famonjena. Ny somary manaitra anefa dia toa tsy andrenesam-peo ny tompon'andraikitra voakasik'izany. Ny hita miharihary aloha dia mitohy ny fakàna an-keriny ary manara-po amin'ny asa ratsiny ny jiolahy any an-toerana. Vokany, misy ny olona efa miafina any an-tsaha amin'ny alina, noho ny tahotra. Somary manaitra ihany koa fa tsy dia andrenesam-peo, manazava ny zava-misy any an-toerana ny olom-panjakana isantokony na dia mitatitra ny zava-misy fotsiny aza mba hanairana ny minisitera isan-tokony voakasiky ny fitandroana ny filaminana sy ny fiarovana ny ain'olona sy ny fananany. Hany ka miady irery sy miahy tena ny vahoaka ary tsy mahagaga raha mitohy tsy an-kijanona ny fakàna an-keriny. Anjozorobe izay marihiny fa anisan'ny toerana manana harena an-kibon'ny tany. Manoloana izany, manitikitika ny fanontaniana hoe: Nahoana no mitarazoka ny famahana ny olana? Ny finiavana ve no tsy misy sa ny hoenti-manana sa misy antony hafa ?

**V.R.**

Fifidianana

# 473 ny kandida : IRMAR 120, Firaisankina 68, Kolektifa 16

*Kandida tokana tsy misy mpifanandrina ny lisitra IRMAR ao Sambava, Lalangina ary Tsaratanana.*

Nofinofy ! Miainga amin'ny lisitra ofisialin'ireo hifaninana amin'ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana, nahatratra 473 ny isan'ny kandida. Rehefa nojerena tsirairay izany lisitra izany dia manana kandida amin'ireo distrika 120 manerana ny Nosy ny kandidan'ireo mpanohana ny fitondrana nilatsaka tamin'ny Vovonana Isika Rehetra Miaraka amin'i Andry Rajoelina. Tsy manana afa-tsy kandida 68 kosa ny avy amin'ny Vovonana Firaisankina ivondronan'ny TIM, HVM, Pro-Siteny, Tsara Tahafina ary Antoko Politika Madio. Ambany lavitra noho izany kosa ny isan'ireo kandida hitondra ny fanevan'ny Kolektifan'ny Malagasy, izay ivondronan' ny antoko MMM, ARB, MTS, FTT ary FMI Malagasy. Ny dikany, raha jerena maimaika izany toe-draharaha izany dia nofinofy ho an'ny fianakaviamben'ny mpanohitra ny hahazo maro an'isa eny anivon'ny Antenimierampirenena amin'io fe-potoam-piasana manaraka io. Raha tsy hoe hanao pi-maso amin'ireo kandida nilatsaka tamin'ny anaran' ny tenany manokana ho lany amin'ny fifidianana angaha izy ireo. Mikasika izay toe-draharaham-pifidianana izay hatrany, tsikaritra ao anatin'io lisitra ofisialy navoakan'ny CENI io ihany koa fa kandida tokana tsy misy mpifanandrina ny lisitra IRMAR ao Sambava, Lalangina ary Tsaratanana.

**Niharan'ny sakantsakana**

Na mbola tsy raikitra akory araka izany ny fifidianana dia efa azo antoka fa eo ampelantanan'ireo kandidan'ny mpanohana ny fitondrana ireo sahady izany distrika telo izany. Ao anatin'izany rehetra izany, nitondra ny heviny manoloana io fahavitsian'nykandida hitondra ny fanevan'ny firaisankina amin' ny fifidianana solombavambahoaka io Ing. Paraina Auguste, filoha mpiaramitantana eo anivon'izany vovonana politika izany. "*Maro ny kandida narotsakay saingy niharan'ny sakantsakana tamin'ny endriny maro samihafa izy ireo ka voahintsana tsy ho kandida. Raha miresaka isika hoe tsy manana afa-tsy kandida tokana ny any Lalangina sy Tsaratanana ary Sambava dia tsy tokony ho marina izany satria nanolotra kandida hilatsaka tao amin' ireo distrika ireo izahay kanefa nitady ny fomba rehetra nanilihana azy ireo ny tomponandraikitra*", hoy io mpanao politika io tamin' izany. Etsy andanin'izany, marihana fa tontosa teny anivon'ny rantsamangaikan' ny CENI isaky ny distrika omaly ny antsapaky ny laharan'ireo kandida ho hita any anaty bileta tokana mandritra ny andron'ny fifidianana sy hampiasain'izy ireo mandritra ny vanimpotoan'ny fampielezankevitra.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Izay mivoaka babany... !

**Ao anatin'ny fotoana fanaovana ny tatitry ny asa vitan'ny mpikambana ao amin'ny governemanta, tao anatin'izay telo volana mahery kely nanendrena azy ireo izany ny minisitra. Teny malaza sy miverimberina ny hoe : zato andro ; araka ny pôlitika napetraky ny filoham-pirenena; ny fanomezana tarehi-marika milaza ny zava-bita ary saika mihoatra ny zato isan-jato ny ankamaroany. Izany hoe rehefa mihaino ny tatitra sy ny sary ampiarahana aminy dia maro ny asa vitan'ny departemanta samihafa. Raha fintinina amin'ny fehezan-teny tokana dia: Izay mivoaka babany avokoa ! Tsy izany kosa anefa ny zavamisy eny an-kianja satria iarahan'ny rehetra mahita sy miaina ny tsy fahampian-tsakafo ; ny fahasarotan'ny kojakoja ilain'ny tantsaha mba ahafahany mampitombo ny vokatra vokariny; ny fahatapatapahan-jiro, saika amin'ny fotoana ilàna azy sy amin'ny toerana maro ; ny tsy fahazoan'ny ankamaroan'ny tokatrano malagasy rano fisotro madio ; ny fitontongan'ny kalitaon'ny fampianarana ; ny firongatry ny tsy fandriampahalemana; ny fahapotehan'ny lalam-pirenena...Marihinafa santionany fotsiny ireo, anazavana fa samihafa ny tatitra atao eny ambony latabatra sy ny fiantraikan'izany amin'ny fiainana andavanandron'ny olom-pirenena sy ny zavamisy eny an-kianja. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe : hionona amin'ireny tatitra voasoratra ireny ve ny mpanapa-kevitra sa hanadihady eny ifotony ny zavamisy marina sy ny olana mbola tokony hanaovana ezaka? Manitikitika ihany koa ny fanontaniana hoe ho zary fombafomba fanao fotsiny ve ny tatitry ny asa vita sa hifantohan'ny fanapahan-kevitra hamerenana na hanalàna ny minisitra amin'ny andraikitra notazoniny ?**

Voahangy Rakotozafy

Fahadiovan'ny fifidianana depiote

# Eny Alarobia sy eny Ambohidahy ny mason'ny mpanara-baovao

Tafapetraka izany iny ny taratasy milaza fa tsy mpikambana ao amin'ny governemanta intsony ireo minisitra fito, kandidà amin'ny fifidianana solombavambahoaka, hotanterahina amin' ny 29 mey ho avy izao. Fantatra fa efa tsy anisan' ireo nanatrika ny filankevitry ny minisitra, tany Toamasina intsony, omaly ny minisitry ny fanabeazampirenena; ny minisitry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa; ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina; ny minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa; ny minisitry ny atitany ; ny minisitry ny mponina ; ny minisitry ny fanatanjahantena. Antenaina arak'izany fa hanaja izay maha kandidà sy olon-tsotra azy izay ireo mpikambana ao amin'ny governemanta ireo ka tsy hanome baiko na, mivantana na ankolaka ireo ambaratonga nofeheziny fony izy mpikambana ao amin'ny governemanta. Heverina ihany koa fa hanaja ny fitsipika mifehy ny asa ny mpiasam-panjakana isan-tokony, tafiditra amin' ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny fifidianana ka tsy haneho fihetsika miandany, na amin'ny kandidà iza na amin'ny kandidà iza.



**Anisan'ny tsy azo ampiasaina ny fiaram-panjakana.**

**Tanjona ny fifidianana madio !**

Tanjona mantsy ny hisian'ny fifidianana madio sy mangaraharaha ary eken'ny rehetra izay vokatra hivoaka eo, araka ny tsiahivin'ny mpiara-miombon'antoka amintsika any ivelany ombieny ombieny. Raha toa ka mbola misy amin'ireo kandidà, na avy amin'ny mpomba ny fanjakana, na avy aty amin'ny mpanohitra mandika lalàna dia antenaina fa tsy hijery fotsiny izany ny vaomiera manokana momba ny fifidianana fa farafaharatsiny hampahatsiahy ny kandidà, na ny mpanohana azy ireny ny tokony hiverenana amin'ny ara-dalàna. Toy izany koa ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana, hany fitsarana mitsara fifidianana ka handray ny andraikiny, indrindra raha maharay fitoriana tsy fanarahandalàna, avy amin'ny andaniny na ny ankilany. Ny dikany, eny Alarobia sy eny Ambohidahy ny mason'ny mpanara-baovao sy ny mpifaninana ary ny mpomba azy ireny avy, mba ahatongavana amin'izay fifidianana mangarahara sy tsy ahiana hiteraka savorovoro izay.

**V.R.**

Annick Ratsiraka

# "Tsy araka ny lalàna ny nanilihana ireo olon'ny AREMA tsy ho kandidà"

Nitondra ny heviny manoloana ny nanintsanana ireo olon'ny AREMA nametraka antontan-taratasy firotsahankofidiana ho solombavambahoaka Rtoa Annick Ratsiraka, omaly. Nambarany tamin'izany fa tsy araka ny lalàna velona eto amintsika ny nandavana ny sasany tamin'ireo mpikatroka eo anivon'ny antoko tarihany ireo. « *Kandidà avy amin'ny antoko Arema 25 no tsy afaka mandray anajara amin'ny fifidianana ho solombavambahaoka noho ny antony tsy mazava loatra hatramin'izao . Efa samy nahafeno ny antontan-taratasy notakian'ny lalàna taminy ireo nikasa ho kandidà ireo saingy nahitasana avy hatrany. Ny tenako izao dia isan'ireo nahafeno ny dosie rehetra mihitsy ary nahatafapetraka izany tao amin'ny distrikan'i Mahanoro ara-potoana kanefa nahintsana. Fa izay, mbola misy foana ny tsy fanajana ny lalàna eto...*», hoy Rtoa Annick Ratsiraka tamin'izany. Mitohy ihany ny fanazavana, « *momba ireo kandida natolotray tsy nahaloa ilay antombola 20 Tapitrisa Ar indray, efa nisy ny ezaka nataon'ny Sekretera jeneraly efitra ao amin'ny AREMA mba handoa miaraka izany ara-potoana kanefa tsy noraisina intsony izany. Ny manahirana, nisy kandida hafa nandoa ny azy mbola noraisina tamin'io fotoana io*». Na izany na tsy izany, araka ny fanazavana hatrany dia mbola manana kandida 4 ny AREMA amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io. Isan'izany ny kandida Brice Andrianasolo, izay laharana faha-2 ao anatin'ny bileta tokana mirotsaka amin'ny anaran'ny antoko Arema ao amin'ny boriboritany faha-6.

**Mamy R.**



Governemanta

# Minisitra mpisolo toerana 7 notendrena omaly

Nolaniana ny didim-panjakana laharana faha "2024-959" manova ny andininy sasany ao amin'ny didim-panjakana laharana faha "2024-020" tamin'ny 14 janoary 2024 nanendry mpikambana ao amin'ny Governemanta, ary mametraka ny fandaminana ireo Minisitra mpisolo toerana. Izany hoe Notendrena omaly ireo Minisitra miisa 7, hanao ny fampandehandraharaha eo anivon'ny Governemanta. Araka ny voalazan'ny lalam-panorenana ao amin'ny andininy faha-64, ny mambra ny governemanta rehetra izay hilatsaka ho fidiana dia tokony hametram-pialana amin'ny asany raha nambara fa azo raisina ny taratasy firotsahany ho fidiana. Anisany nahafeno izany fepetra izany ireo minisitra fito nilatsaka hofidiana Solombavambahoaka amin'ny fifidianana hatao ny 27 mey ho avy izao. Noho io indrindra dia tsy maintsy nametraka izay ho solony vonjimaika ny Filohan'ny repoblika. Araka ny tapaka dia Andriamatoa Naina Andriantsitohaina izay Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy fanajariana ny tany no hisolo ny toeran'ny ministiry ny Atitany Tokely Justin, izay kandidà any amin'ny distrikan'i Sambava. Ny Minisitry ny Rano ny fahadiovana ary ny fidiovana, Andriamatoa Ravokatra Fidiniavo kosa no hitana ny toeran'ny Dr Razafiarison Andriamanantena ministiry ny Fampanarana Ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Ny Minisitry ny Fahasalamambahoaka, andriamatoa Andriamanantany Zely Arivelo,no hisolo ny toeran'ny ministiry ny fanabeazam-pirenena hisolo an'ny Marie Michèle Sahondrarimalala, lasa kandidà any amin'ny distrikan'i Fianarantsoa I. Ministry ny Asa sy ny asampanjakana, ramatoa Razakaboana Hanitra Fitiavana, no hiandraikitra ny minisiteran'ny fampianarana teknika, hisolo ny toeran'ny Lalatiana Rakotondrazafy, kandidà any Faratsiho. Ramatoa Rasata Rafaravavy Tafika izay Minisitry Raharahambahiny no handray ny toerana vonjimaika an'ny andriamatoa Augustin Andriamananoro, ministiry ny serasera sy ny kolontsaina, izany nanao kandida etsy amin'ny Boriborintany voalohany. Ny Minisitry ny Fitsaràna, ramatoa Landy Mbolatiana Randriamanantenasoa kosa no hisolo toerana an'ny ministiry ny mponina Fomendraza Haingo Elisette, kandidà any amin'ny distrikan' Ambositra. Ankoatra izay dia ny Minisitry ny Fitaterana sy famantarana ny toetrandro andriamatoa Valery Ramonjavelo no handray ny toeran'ny ministiry ny fanatanjahantena Haja André Resampa, kandida any amin'ny distrikan'i Morondava . Marihina fa ireo Minisitra kandida ireo dia milatsaka avy amin'ny antoko Isika rehetra Miaradia amin'ny Andry Rajoelina avokoa "IRMAR". Izany hoe sady efa tsy tonga nanatrika ny filankevitry ny Minisitra izay natao tany Toamasina intsony ireto farany, fa samy nizotra tany amin'ny toerana izay hilatsahan'izy ireo tsirairairay avy.

**Deyland**

Randy Donny (Kandida N°1)

# "Mbola miaina ao anatin'ny 2009 foana isika nefa efa 2024 izao"

Tontosa omaly tetsy amin'ny biraon'ny OVEC Antohomadinika ny fisarihana ny laharan'ny kandidà amin'ny bileta tokana. Tonga avokoa ireo mpifaninana dimy hiaraka hihazakazaka aminy ao amin'ny Boriboritany voalohany, afa-tsy ny Me Hanitra izay nandefa solontena. Nambarany nandritra ny fisarihana ny laharana omaly fa : "*Mbola miaina ao anatin'ny krizin'ny taona 2009 hatrany isika nefa efa aty amin'ny taona 2024. Izany hoe mbola adin'ny TIM sy ny TGV foana ve hatramin'izao no hanjaka eto amintsika ? Tsy mandroso mihitsy ny adihevitra politika fa mihodinkodina eo. Izay no antony nirotsahanay ho fidiana solombavambahoaka mba hahafahana mitondra ainga vao sy rivo-baovao amin'ilay politika eto an-tanana. Amin'ny maha mpanao gazety ny tena, niaina ireo krizy nisy teto hatrany amin'ny taona 90 na mbola mpianatra aza tamin'izany, nandalo ny krizy 2002 ; 2009 dia mahita fa ampy ny traikefa nolalovana hitondrana ny hetahetam-bahoaka eny amin'ny Antenimierampirenena. Etsy ankilany, efa nahazo traikefa tamin'ny andraikitra nosahanina teo amin'ny fiarovana ny ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna ihany koa. Ary farany, niaina teny amin'ny faritra iva hatramin'ny fahazazana ka hatramin'izao. Mahita sy miaina ny zava-misy eny nefa mahafantatra ny zava-misy na eto Antananarivo renivohitra manontolo na manerana ny Nosy mihitsy aza* », hoy ity mpahay tantara sady mpanao gazety ity.

Nambarany hatrany, fa tsy afaka hanao fampanantenana poak'aty izy satria nipetraka, mipetraka ary mbola ao anatin'ny Boriboritany voalohany hatramin' izay ka hatramin'izao. Manana paikady manokana izy hitantanana ny CIAD, ka anisan'ireny ny fananganany komity isam-pokontany hitantana izany mba tsy hisy fokontany ho adino eny amin'ny Boriboritany voalohany, raha toa ka hametraka ny safidiny aminy ny vahoaka eny an-toerana.

**Fy**



Randy Donny nisarika ny laharany omaly tetsy amin'ny OVEC. (Sary : Kelly R.)

Naivo Raholdina

# Laharana voalohany taorian'ny fisarihana

Laharana voalohany ny Depiote Naivo Raholdina amin'ny fifidianana ho Solombavambahoaka izay hatao amin'ny faha-29 mey 2024 ho avy izao. " Lohalaharana izahay raha ny asa vita hatramin'izay ka io nnahazo ny numéro 1 tamin'ny fisarihana io, araka ny tenin'Andriamanitra hoe: ho lohany fa tsy ho rambony. Ho voalohany hatrany amin'ny fampandrosoana ny Boriboritany fahadimy", hoy ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina. Ny lisitra faharoan'ity farany dia i Sefo Haja no nisolo tena azy ireo tamin'ny fisarihana natao teny amin'ny OVEC Nanisana omaly. Horakoram-pifaliana sy fanantenana ary indrindra ny finoana satria manam-pinoana sahady ny vahoaka rehetra ao amin'ny Boriboritany fahadimy fa ho Paodroa no tanjona. Ampahatsiahivina fa ny Depiote Naivo Raholdina, Filohan'ny Departemanta TGV boriborintany fahadimy no sady filoha lefitry Antenimierampirenena faritra Antananarivo no natolotry ny vovonana Isika Rehetra Miaraka Amin'i Rajoelina no lohalisitra ny kandidà solombavambahoaka ny boriborintany fahadimy. Misokatra ho an'ny rehetra manana vina hampandroso ny boriborintany fahadimy indrindra hanatanteraka ny vina napetraky ny filoham-pirenena Andry Rajoelina ity kandidà ity sy ireo iray lisitra aminy. Tsara ho fantatra ihany koa fa lisitra faharoa i Chef Haja izay "Inspecteur des impôts" no sady Sekretera Jeneraly fikambanana Fanantenana FAFI 5; Atoa Andriamandimbisoa Fanomezantsoa fantatra amin'ny anarana hoe Presidet Fano, no sady filoha lefitry ny departemanta TGV boriborintany fahadimy no sady filoha lefitry ny fikambanana sefo Fokontany 27 manerana ny boriborintany fahadimy no lisitra fahatelo ary Rtoa Rajaona Yvette na i Mme Yvette, "manager"-n'y TGV Amboditsiry no sady filohan'ny fikambanam-behivavy Tia mifanampy sy Ampela Mijoro eny amin'ny boriborintany fahadimy no lisitra fahefatra.

**Folo taona**

Manao antso avo ny Tale fampielezan-kevitra Rtoa Fanantenana Hanitriniala Raholdina fa "tsy hanavakavaka ho an'izay rehetra te hanohana ny kandidà natolotry ny IRMAR indrindra ho an'ireo izay tsy mitovy hevitra sy ny voafitaky kandidà teo aloha. Nisy mantsy ireo solombavambahoaka lany tamin'ny antoko hafa izay tsy hita akory sy tsy nanao asa nandrasan'ny vahoaka taminy fa rehefa tonga ny fifidianana dia tonga indray milatsaka hofidiana. Manamafy hatrany ny tenanay fa nandritra ny folo taona naha-Solombavambahoaka Atoa Naivo Raholdina teny anivon'ny boriborintany fahadimy dia niasa irery izy, fa ny solombavambahoaka voafidy tamin"ny antoko hafa kosa dia tsy hita mihintsy. Ankehitriny dia miantso ireo vahoaka voafitaky ny kandidà tamin'ny antoko hafa izahay fa vonona ny kandidà Naivo Raholdina sy ny lisitra miaraka aminy nny hanohy hatrany y fampandrosoana". Fantatra fa efa misokatra manerana ny fokontany 27 ny "Quartier Général" izay miisa 35 manerana ny boriborintany fahadimy hafahana mandray ny rehetra te hanohana ny Kandidà Naivo Raholdina sy ny lisitra miaraka aminy ary atao ny ezaka rehetra hampitomboana an'izany Q.G izany ho 55 isa amin'ny andron'ny fampielezan-kevitra hafahana mifanakaiky bebe kokoa amin'ny vahoaka rehetra ao amin'ny boriborintany fahadimy.

**HAR**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Adidy ara-ketra

# 1 400 miliara Ariary tsy tafiditra tao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana

*Misy orinasam-panjakana tsy nahaloa hetra.*

Malaina manao ny adidiny ny ankamaroan'ireo mpandoa hetra. *"1 400 miliara Ariary ny hetra tsy tafiditra ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana. Ny 25 ka hatramin'ny 40 isanjaton'ireo tsy nahaloa hetra dia orinasam-panjakana lehibe avokoa. Sahirana ireo orinasa ireo ary mbola ny fanjakana no manome fanampiana azy. Misy orinasa aty amin'ny tsy miankina koa tsy nahaloa ny hetrany. Tsy maintsy hijerena paikady manokana ny hampidirana ireo hetra ireo. Misokatra amin'ny fifampiresahana izahay eo amin'ny fomba hahafahana manefa izany amin'ny alàlan'ny fametrahana tetiandro fandoavana ny vola. Izahay dia tsy natao hanahirana ireo orinasa na koa hanao izay tsy hampihodina azy ireo fa manampy amin'ny fomba handoavana ny hetra amin' ny alàlan'ny fifampiresahana."*, hoy i Germain, tale jeneralin'ny hetra. Na teo aza io olana io dia nioty vokatra tsara ity foibem-pitondrana ity, satria niakatra 26 isanjato ny tahan'ny hetra niditra tamin'ny herintaona raha nampitahaina ny tamin'ny taona 2022. Nahatratra 4 233, 8 miliara Ariary ny hetra niditra tamin'ny taona 2023 raha teo amin' ny 3 647,5 miliara Ariary ny tamin'ny taona 2022. Anisan'ny ezaka goavana nahafahana nampitombo io hetra anatiny io, araka ny fanamafisana nataon'ny tale jeneralin'ny hetra, ny firosoana tamin'ny fampiasana ny kajy mirindra nanomboka tamin'ny taona 2019 toy ny fisian'ny tolo-draharaha afaka ampitain-davitra ho an'ny mpanjifa. Anisan'ny paikady ara-ketra napetrak' ity foibem-pitondrana ity hiatrehana ny dimy taona ho avy ny fanohizana ny fanavaozana eo anivon'ny fitantanan-draharahan'ny hetra sy ny fametrahana fitantanana mahomby ny hetra. Omaly teny amin'ny CCI Ivato, nisy ny fikaonan-doha nasionalin'ny hetra ho an'ny taona 2024.



**Ny fianakaviamben'ny Foibem-pitondrana ankapoben'ny hetra teny amin'ny CCI Ivato.**

**R. Muray**

"Coupe Montfort" "

# Hisitraka fanabeazana ara-bola ireo tanora

Hotanterahina amin'ny sabotsy ho avy izao eny amin'ny kianja AT2B Andraisoro ny manasa-dalana amin'ny lalao fifaninana arapanatanjahatena "Coupe Montfort", andiany fahefatra. Misy ny fiaraha-miasan'ny mpikarakara ity fifaninana ity amin'ny SMMEC Vonjy hoentina manome fanabeazana ara-bola ho an'ireo tanora mpandray anjara. *"Iaraha-mahalala fa mandray an-tanana tanora eo amin'ny 500 ny ivotoerana Montfort any Anjomakely. Mahaliana anay rehefa tanora ho avin'ny firenena no resaka. Ny anton'izany dia ny mba hiarovana ireo tanora amin'ny fandraisana zava-mahadomelina andaniny, ary ny fanampiana ireo tanora hahay hitantam-bola ankilany."*, hoy i Hery Mamy Michel Nirina, tale lefitry ny SMMEC Vonjy. Raha hiverenana ny momba ilay lalao manasa-dalana dia taranja baolina kitra sy basikety lahy sy vavy no hifaninanana amin'io fotoana io. Lalao efatra amin'ireo taranja ireo no hotaterahana miaraka amin'ny lalao manokana hifandonan'ny ekipan'Andraisoro sy Antsahameva. Hisy koa ny fifaninana manao "Dunk" sy "Tir 3 points" amin'ny basikety. Ankoatra izany, dia hisy "Dj" hanao fanentanana amin'io andro io. Marihina fa 33 ireo ekipa nandray anjara tamin' ny baolina kitra tany amboalohan'ny fifaninana, ary 26 ny an'ny basikety. Anisan'ny kendren'ny mpikarakara rahateo ny hampiray sy hampivondrona ireo tanora.




**Ireo mpiara-miombona antoka amin'ny fikarakarana ny "Coupe Montfort".**

**R. Muray**

Fampiasana ankizy tsy ampy taona

# Miaina sy tratran'ny fanandevozana izy ireny

*"Ho an'ny OIT dia miady amin'ny fampiasana ankizy miasa izahay satria matetika ny zaza miaina ao antin' izany dia tratran'ny fanandevozana any amin'ny toerana iasany any. Misy tetikasa maro efa notanterahan'ny OIT teto amintsika nanomboka tamin'ny taona 2004. Ao anatin'izany ny fanaovana drafitrasampirenena amin'ny fampiasana ankizy eto Madagasikara izay naharitra 15 taona izany izay tapitra tamin'ny taona 2019. Nisy ihany fiatoany tamin'ny taoa 2009 fa ny tiako ho marihana dia manohana ny ady amin'ny fampiasana ny ankizy ny Governemanta Malagasy sy ny Sampandraharaha iraisam-pirenena momba ny asa na ny OIT"*, hoy Atoa Rasolofoniainarison Lauréat, mpandrindra nasionalin'ny tetikasa VZF eo anivon'ny OIT. Saika ahitana an'izany fampiasana ankizy tsy ampy taona izany raha y sehtr'asa maro eto amitsika toy: ny mpanampy amin'ny asa antrano, ny varotra mandehandeha, ny famakiana vato sy asa fitradrahana amin' ireny kariera ireny, ny fantsakana rano, fibatana entana mavesatra...sns... Anton'izany ny fiheverena izany ho azo atao sy tsy voararan'ny lalàna ka mahavoasazy. Raha ny hita amin'ny fiainana andavanandro dia miha-mahazo vahana eto amintsika ny fampiasana zaza tsy ampy taona raha ny jery todika tamin'ny dimy taona lasa izay. *"Efa misy ny politikampirenena hiadiana amin'ny fampiasana ankizy. Noho ny toe-draharaha amin'izao fotoana izao dia mety mitombo ny isan'ny ankizy miasa satria raha ny tarehimarika tamin'ny taona 2018 dia eo amin'ny 2 030 000 eo no isan'ny ankizy miasa. Tsy ilay ankizy manao raharaha ao an-trano akory ireo fa mikarama amin'ny asa ataony ary tsy mianatra any an-tsekoly mihitsy. Betsaka raha io isa io ary efa manao ezaka amin'ny fampihenana izany ny Governemanta amin'izao fotoana izao"*, hoy hatrany Atoa Rasolofoniainarison Lauréat, mpandrindra nasionalin'ny tetikasa VZF/ OIT. Raha ny antontanisa dia efa misehatra amin'ny asa avokoa ny 27 isajaton'ny zaza Malagasy izay 5 hatramin'ny 17 taona, raha ny tatitra avy amin'ny OIT hatrany.

**HAR**

**Samy...**

## Kianja !

Hatramin'izao aloha, resaka isika samy isika ihany é, malaza sy mbola maresaka eto amin'ny firenena ny kianja. Tsy inona izany fa ny kianja Barea etsy Mahamasina. Mahakasika indrindra io kianja io, mbola mipetraka fanontaniana ny handraisany ny lalao hifanandrinan'ny Barea de Madagascar amin'ny ekipan'i Mali sy Comores amin'ny volana jiona ao anatin'ny fifanintsanana amin'ny Amboara eran-tany 2026 eo amin'ny taranja baolina kitra. Efa namoaka fanambarana mantsy ny Kaonfederasiona Afrikanina ny baolina kitra fa tsy mahafeno ny fepetra handray lalao iraisampirenena io kianja Barea etsy Mahamasina io. Manao ady sisika sy miady varotra milaza hanatanteraka ny fanatsarana ny kianja hahafahany mandray ireo lalao roa ireo anefa ny fanjakana sy ny Federasiona Malagasy ny baolina kitra. Asa moa raha ho vita alohan'ny volana jiona io fanatsarana io ka hatao eto Madagasikara ireo lalao roa ireo na tsia ! Eo am-piandrasana izany, resaka isika samy isika ihany, saingy eo amin'ny kianja... politika efa nahazo ny laharany avy ireo mpilalao hiakatra kianja amin'ny fifidianana solombavambahoaka. Amin'ity faharoa ity, tsy misy ny ahiahy amin'ny hanaovana ny lalao any amin'ny toerana hafa satria efa mivonona amin' ny zavatra rehetra ny mpikarakara ny lalao : ny fanatontosana ny bileta tokana, ny fanomanana ireo fitaovana rehetra ilaina amin'ny fotoanan'ny latsa-bato, ny mpisehatra amin'ny raharaham-pifidianana hatrany amin'ny mpitsara hamoaka ny valiny ! Dia eny an-kianja izany isika no mihaona. Na io baolina kitra na io baolina...politika !

Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

**...isika**

Dida

## 25 taona mahery nanamboarana vilany



Toy izao ny karazana vilany amidin'i Dida etsy Andravohangy.

Avy any Ambatolampy Ambanimaso no toerana niavian'i Dida mianakavy. Vao miteny hoe Ambatolampy isika dia efa mpanao vilany vita amin'ny aluminium no mby ao an-tsaina voalohany. Araka ny resaka nifanaovana taminy : « *Efa 25 taona mahery nanamboatra vilany izy ary asa fivelomana mihitsy izany. Ny ray aman-dreny efa mpanao vilany dia nolovaina taranaka fara sy dimby taty aoriana ilay asa. Orinasam-pianakaviana mihitsy ho azy ireo ny asa ka manao sotro, lapoaly, sotrobe, vilany, cocote minute, vilany sy ny maro hafa izy ireo. Manomboka amin'ny 20 000Ar hatramin'ny 2 hetsy ariary ny vidin'ny vilany amidin'izy ireo.* » Misy hatrany amin'ny 150 litatra ilay vilany atao saingy tsy maintsy kaomandy vao manao izy ireo satria mibahan-toerana no sarotra entina mivezivezy ilay izy. « *Ao anatin'ny andro iray, mahavita vilany 250 hatramin'ny 300 isa eo izahay. Orinasa kely saingy izahay mpianadahy avy no miaraka ao fa tsy mampiasa olon-kafa.* » hoy i Dida. Manenjika tsenan'Alarobia eo Andravoahangy sy rehefa alakamisy sy zoma eny amin'ny Coum izy ireo ka vilany an-jatony isan'andro no lafo. « *Hita fa tena sahirana ny olona amin'izao fotoana izao. Ny fahefa-mividy mihitsy no tsy toy ny taloha. Taloha tsy maharaka izahay fa izay entana vita tonga dia lany sy lafo avokoa. Ankehitriny anefa efa miova ny zavatra rehetra satria tsy manam-bola firy intsony ny olona.* » hoy hatrany i Dida. Ankoatran'izay, mitobaka eny an-tsena ihany koa ireo karazana vilany vita sinoa na karana izay be mpanjifa. Etsy ankilan'izany, efa manomboka mampiasa ireo karazana fatana mitsy ny olona, eo ihany koa ny gaz sy ny fatana mandeha amin'ny herinaratra izay tsy afaka ampiasana vilany matevina fa ny afon-tsaribao ihany sisa no mety aminy.

*Taloha tsy maharaka ny tsena fa izay vita tonga dia lasa sy lafo avokoa.*


Ankoatran'ireo tsena roa mahazatra azy ireo andafosana ny vilany, betsaka ihany koa ireo olona any amin'ny faritra miaraka miasa amin'i Dida mianakavy. Mandefa entana hatrany amin'ny faritra izy ireo noho izany, Taolagnaro, Fianarantsoa, Mahajanga, Sambava, Antsohihy, Mananara sy ny maro hafa. Mandefa amin'ny taxibrousse izy ireo na ihany koa misy ny tonga aty Antananarivo mihitsy ireo mpiantsena. Mikasika ny akora fototra indray, misy ireo mpanatitra aluminium ao amin'izy ireo mivantana. Eo ihany koa anefa ny fanafarana aluminium avy any Toamasina, izy io indray dia entana afarana mihitsy. Ea manomboka sarotra ny fahitana ny akora fototra ilaina, izay ihany koa no antony mampiakatra ny vidin'ny vilany eto amintsika. Ny ankoatran'izay, tsy manana olana firy izy ireo raha tsy ilay fahefa-mividy ambany. Tao anatin'ny 10 taona, nisy ny ezaka amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny asa fa ny mpividy mihitsy no marisarisa tsy manjifa. Ny mpifaninana ihany koa mihabetsaka etsy andanin'izany rehetra izany.

**Nath**

Fokontany Ambanilalana Itaosy

# Misokatra ho an'ny tanora ny trano famakiamboky vaovao

*Ankoatran'ny fialamboly mantsy, hahaizana fitenim-pirenena maro ny boky ary afaka mampianatra zavatra maro ihany koa.*



Mbola mila fitaovana sy boky ary fahitalavitra ity toerana natokana hanampiana ny ankizy sy ny tanora ity.

Iaraha-mahalala fa noho ny fahasahiranan'ny ray aman-dreny, betsaka ireo ankizy sy tanora voatery mitsoaka an-daharana amin'ny fianarana. Tsy vitsy noho izany ireo lasa manao asa antselika na ihany koa mireni-reny eny fotsiny. Etsy ankilan' izay, mahazo vahana ny fidorohana zavamahadomelina izay manimba ny tanora sady manosika azy ireo hanaotao foana. Mitombo foana mantsy ny filana kanefa ny vola anjifana azy io tsy misy ka lasa maniraka azy ireo hangalatra izany tsy fananana izany. Ny asa ihany koa etsy ankilan'izany tsy misy, na misy aza lasa mitaky traikefa sy fahaizamanao maro. Eo anatrehan' izany rehetra izany, sy hisorohana amin'ny fidonana-poan'ireo tanora, nangataka toerana hialana voly tamin'ny tetikasa Produire ny fokontany Ambanilalana Itaosy niaraka tamin'ny kaominina Ambavahaditokana. Nifanarahana fa toerana famakiana boky no hajoro ka ny tetikasa Produire no nanangana ny fotodrafitrasa ilaina amin' izany. Ny Ambasady amerikanina kosa no niantoka ny sasany amin'ireo boky hita ao. Misy CD maromaro ihany koa ao saingy tsy mbola misy fahitalavitra hahafahana hijerena izany ka hanaovana fangatahana manokana amin'ireo izay tsara sitrapo. Torak'izay ihany koa ny boky izay mbola vitsivitsy ihany ary tena amporisihina izay mahalala-tanana afaka manampy indrindra amin' ny karazam-boky afaka manampy ireo tanora amin' ny resaka asa. Maro mantsy ireo afaka mampiana-tena sy manana finiavana te ho tafita amin'ny fiainana antsoina ho tonga ao amin' izany toeram-pamakiana boky izany. Tanjon'ny fokontany Ambanilalana Itaosy ihany koa ny hamerina indray ny hasin'ny boky sy ny famakiana boky ary hitaomana ny ankizy sy ny tanora hankafy izany. Ankoatran'ny fialamboly mantsy, hahaizana fitenim-pirenena maro ny boky ary afaka mampianatra zavatra maro ihany koa.

**Nath**

Mahajanga

# Afaka mitatitra olona any amin'ny grand pavois sy fokontany 26 ireo bajaj manomboka izao

Fahoriana no iainan'ireo mpiala sasatra mandalo ao andrenivohitr'i Mahajanga rehefa vanim-potoana be olona iny. Voafetra ihany mantsy ny toerana azon'ireo bajaj haleha kanefa ny taxibe tsy maharaka. Nivoaka ary mihatra manomboka omaly ny alàlana hahafahan'ireo bajaj na taxis motos tricycles na TMT miasa sy mitatitra olona manerana ireo fokontany 26 ao an-tapon-tanan'i Mahajanga, ankoatran'ny toerana misy ny seranam-piaramanidina. Afaka mitatitra olona mandeha any Maroala, Petite Plage, Grand Pavois sy ny maro hafa ireo bajaj. Ny saran-dalana kosa indray dia noferana ho 1 500Ar eo an-tampontanana, 2000 Ar petite plage, 3 000Ar Grand Pavois ary 3 000Ar any Maroala. Afaka miasa 24 ora amin'ny 24 ora sy 7 andro amin'ny 7 andro izy ireo. Voafetra ho olona telo ihany anefa no azony entina ary 40km isan'ora ny hafainganam-pandeha. Mila miova ny mpamily isaky ny 8 ora ho an'ireo izay nisafidy ny hiasa 24 ora amin'ny 24 ora.



Noferana ho 3 000Ar ny saran-dàlana mampitohy an'i Grand Pavois sy Mahajanga.

Tsy azo atao ihany koa ny mitondra entana mihoatran' ny 50 kg. Taloha, manofa bajaj hatrany amin'ny 50 000 Ar ny olona mandeha any amin'ny Grand Pavois, ka tafiditra ao anatin'izany ny vola omena ny mpitandro ny filaminana satria tsy afaka miasa mampitohy an'i Mahajanga sy iny faritra iny izy ireo. Ny lasantsy ihany koa somary lafolafo satria lavitra ny toerana. Ny azo antoka, mandamina ny fiainan'ny olon-drehetra mihitsy izao fanapaha-kevitra izao. Antenaina fotsiny mba hanaraka fandaminana ny rehetra satria efa misy ny taxibe miasa any amin'ireo faritra ireo ary tena betsaka ny bajaj miasa sy mifamezivezy ao Mahajanga ao.

**Nath**

Kitra - " Pureplay football league "

# Nahazo sazy henjana avokoa ny MAMA Fc sy ny 3FB

*Fanapahan-kevitra niarahan'ny CEFM tamin'ireo klioba 4 avy any amin'ny vondrona avaratra izao.*

Mandoa onitra 2 tapitrisa Ar ny MAMA FC ary handray lalao tsy misy mpijery kosa ny 3FB. Ireo no anisan'ny sazy henjana nomen'ny CFEM (Club du football Elite de Madagascar) ireto klioba 2 ireto, taorian'ny savorovoro nitranga nandritra ny fihaonana teo amin'izy ireo ny faran'ny herinandro teo.

Rehefa nivory tsy ara-potoana ny mpitantana ny CFEM ny talata lasa teo, niaraka tamin'ireo filohan'ny klioba 4 (Ajesaia, KFCA sy ASA Diana ary ny Fosa Junior) mpifaninana amin'ny vondrona avaratra, izay anatin'ny lalànan'ny CFEM izany. Ankoatra ny onitra tapaka fa nankatoavina ny voka-dalaon'ny roa tonta ka nomena fandresena 3 no ho 0 ny MAMA FC. Nampandoavina io onitra 2 tapitrisa Ar io kosa izy noho ny fikarakarana goragora ka nitarika iny korontana iny. Ho an'ny 3FB indray, dia eto Antananarivo avokoa no handraisany ny lalao « Play off »manomboka amin'ny 28 avrily izao, ary tsy afaka hatrehan'ny mpijery. Ny CFEM no mandray an-tanana ny fikarakarana ny lalaony saingy izay klioba mandray azy kosa amin'ny lalao famerenena no mikarakara sady afaka hatrehan'ny mpijery.

**Mivarina !**

Ankoatra izay, mbola miandry ny klioban'ny 3FB ilay lelavola 5 tapitrisa Ar lamandy ambiny tamin'ny taon-dasa, ka tsy afaka ny hanohy ny fifaninanana "Play off" raha tsy voaefa izany. Tsy maintsy efainy ny ambin'ny lamandy 5 tapitrisa Ar tamin'ny taon-dasa. Nampitandrina ny filohan'ny CEFM, Rakotoarimanana Henintsoa, fa raha mbola misy ny savorovoro hataon'izy ireo dia havarina any amin'ny sokajy ambany. Toy izany koa ny an'ny Tsaramandroso Formation, tsy afaka miatrika ny "Play-off" raha tsy mahaloa ny 8 tapitrisa Ar. Efatra andro mialoha ny fanombohan'ity dingana manaraka ity no fepotoana handoavan'ireto ekipa ireto izany, raha tsy tontosa kosa dia miakatra avy hatrany ny ekipa mpifanandrin aminy. Fantatra ihany koa, fa nitory eny anivon'ny Fitsarana Ady Heloka tsotra ilay mpitsara voakasi-tanana nandritra iny fihaonana iny ka andrasana ny fivoaran'ny toe-draharahara.

**Rabenaivo**

## PASI PASI

Razakasoavina Lalamahefa Dimbisolofo

# Mbola tsy manaiky ho resin-janany

*Maro ireo fianakaviana miaina anatin'ny tontolon'ny fanatanjahantena eto amintsika.*

*Ho an'ny anio dia ny taranja badminton indray no hampahafantarina antsika amin'ny PASI PASI.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***RLD :*** Razakasoavina Lalamahefa Dimbisolofo
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve, inona ilay spaoro atao ?
***RLD :*** 48 taona, mbola manao spaoro
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
***RLD :*** Nanomboka 10 taona
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
***RLD :*** 5 ny zanako, ahitana an-dRazakasoavina Mandamahefa H, Razakasoavina Miaromahefa M, Razakasoavina Mendrika Z, Razakasoavina Mamonjimahefa Z ary Razakasoavina Miakajimahefa S. Manao spaoro daholo



**Mbola nifanandrina izy mianaka nandritra ny "Tournoi MB2ALL" farany teo.**

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***RLD :*** Tsy noterena fa sitrapon'izy ireo ny nanao spaoro
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipa-pirenena ve ny zanakao ?
***RLD :*** Mbola tsy nisy voantso aloha izy ireo saingy na izany aza ny lahimatoa (Manda) no efa nandrombaka ny anaram-boninahitra ho tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny latsaky ny 14taona taranja basketball, tamin'ny taona 2021 sy ho an'ny latsaky ny 16taona tamin'ny taona 2023. Ny zandriny, Miaro indray dia tompondaka lefitran'i Madagasikara ho an'ny latsaky ny 14taona tamin'ny taona 2023, teo amin'ny taranja basketball hatrany.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fanatanjahantena ny fianakaviana izany ?
***RLD :*** Ankoatran'ny maha fitaizam-batana azy dia mampitombo ihany koa ny fifandraisana sy ny fifankatiavana ary ny fampitana traikefa ny fiarahanay manao fanatanjahantena
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***RLD :*** Randonnée bicyclette
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro ?
***RLD :*** Maro ny vokatsoa azo amin'ny fanaovana spaoro na ny eo amin'ny lafin'ny ara- pahasalamana ,ara-tsaina ary koa ny ara-batana sy ny ara-pifandraisana na eo amin'ny fianakaviana na amin'ny hafa. Izany no hanentanana ny fianakaviana hanao fantanjahantena.

**Rabenaivo**

Taekwondo ITF - " World Open Online 2024 "

# Nandrombaka medaly volamena 1 sy volafotsy 2 ny Malagasy

Fahombiazana indray no azon'ny ekipam-pirenena Malagasy niatrika ilay "World Open ITF Taekwon-Do Pattern Championships Online 2024". Nahazo medaly 3 ireo solontenantsika nandritra izany ka ny iray dia volamena, izay norombahan'i Manjaka. Ny medaly volafotsy roa kosa dia azon'Ihasitiana sy Manankasina. Azo lazaina fa nanandratra avo ny voninahi-pirenena izy ireto, izay mendrika isaorana ny ezaka vitany. Antenaina fa hahazo sitraka sy fisaorana avy amin'ireo tompondraikitra isan-tsokajiny eto amin'ny firenena izy ireto, izay nanao ny ainy tsy ho zavatra hametrahana an'i Madagasikara amin'ny toerana ambony sy handresy ireo firenena rehetra mpifaninana tamintsika. Marihana, fifaninanana natao amin'ny alalan'ny ampitain-davitra izy ity, ka samy mandefa ny rakitsary mihetsika any amin'ny mpikarakara ireo mpandray anjara rehetra, ka aorian'izany no mamoaka ny vokatra izy ireo. Zavadehibe ho an'i Madagasikara izao vokatra azon'ireto atleta ireto izao, izay tsorina fa tsy mora no nahazoana izany. Firenena maro manerana izao tontolo izao no nifaninana saingy tsy mena mitaha tamin'izy ireny ny Malagasy, izay voahosotra tompondaka eran-tany ny iray raha tompondaka eran-tany lefitra kosa no azon' ny atleta roa. Manantena hatrany ny hitohizan'izao fahombiazana izao ny rehetra. Misaotra ireo rehetra nanohana ka nahazoana izao vokatra izao moa ireto atleta ireto.







**Nanandratra avo ny voninahi-pirenena izy 3 ireto.**



**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Nilatsaka ny sazy ho an'ireo klioba 3 mifaninana eo anivon'ny "Pureplay Football League". Tao ny nandoa lamandy ara-bola, nisy ihany koa ny hampilalaovina amin'ny kianja aty an-dRenivohitra ary tsy misy mpijery.

### Anatra ho an'ny hafa !

Goavana ny fanapahankevitra noraisin'ny CFEM, izay nahazo sitraka tamin'ny maro raha ny hita teny anivon'ny tambajotran-tserasera ireny, nanomboka omaly tolakandro taorian'ny nivoahany. Mila fahasahiana toy ireny, hoy ny hafa rehefa mitantana, isorohana ny fahazaran-dratsy ataon'ny mpilalao na klioba eny hatramin'ny mpitantana. Volana vitsivitsy tokoa no nanomboka nafana ny fifaninanana ary saika nahitana savorovoro hatrany indrindra rehefa milalao ny klioba iray avy ao amin'ny kaonferansa atsimo. Voalako ny mpanazatra ary niitatra hatrany amin'ny fikasihan-tanana ny mpitsara mihitsy izany tetsy amin'ny kianja Imerintsiatosika. Taorian'iny fanapahan-kevitry ny CFEM iny, inoana fa hijanona hatreo ity savorovoro sy fikasihan-tanana ity, izay tsorina fa tsy mitondra amin'ny fampandrosoana velively. Ny hampiakarana ambony ny lentan'ny fifaninanam-pirenena eto an-toerana no tanjona nanaovana ity fifaninanana OPL taloha nivadika PFL amin' izao ity, fa tsy sanatria hampisehoan-kery amin'ny alàlan'ny daroka. Misy rahateo ny taranja hafa mety sy mifandraika amin' izany ka sao lahy diso taranja ireny olona ireny. Anisan'ny voizina amin'ny lalao baolina kitra ny "fair-play", saingy tsy izay matetika no hita eto amintsika fa saika lasa baikon'ny fo misendaotra ka tsy voafehy intsony ilay fo spaoro. Enga anie, hitsahatra hatreo ity fampiasankery ity ka mba hizotra antsakany sy andavany ary ho vita hatramin'ny farany ny fifaninanana, izay efa hiditra amin'ny "Play-off" » afaka andro vitsy.

**Rabenaivo**

Baolina Kitra Malagasy

# Mahatratra 1 250 000 Dolara ny vola narotsaky ny FIFA ho an'ny FMF

***Misy ny taky nataon'ny FIFA amin'ny fanazavana ny taratasy sasany momba ny fikirakirana ara-bola (Pièces justificatives de Compte de Reserve), nanomboka tamin'ny taona 2018 ka hatramin'ny 2023.***

Fantatra nandritra ny dinik'asa niarahan'ny Federasionina Malagasy ny Baolina Kitra (FMF) sy ny mpitantana ny Ligim-paritra 22, nanatanteraka nandritra ny andro vitsivitsy (alarobia 10 – sabotsy 13 aprily 2024) teny amin'ny Ivotel Ambohidahy, ny vinavinan'ny teti-bola entina ampiasaina sy laniana amin'ity taona 2024 ity, entina hanatsarana sy hampiroboroboana ny baolina kitra malagasy amin'ny lafin-javatra maro. Ankoatra an'izany dia lohahevitra maro no nodinihina, ka misy ny tetikasa sy fotodrafitrasa vao tanterahina ary misy kosa ireo hatsaraina sy efa an-dalam-pahavitana, miampy kojakojan-javatra maro samy hafa. Nentina namaranana an'ity dinik'asa ity dia ny fanatanterahana ny fivoriamben'ny FMF ara-dàlana (Assembléee Générale Ordinaire), izay nahazoan'Atoa Alfred Randriamanampisoa sy ny ekipany fankatoavana zato isanjato (quitus 100%) avy tamin'ireo mpitantana ny ligim-paritra. Nisongadina tamin'ny A.G.O ny fiverenan'ny fiaraha-miasan'ny orinasa STAR amin'ny FMF toy ny ataon'ny TELMA, izay mizotra tsara tsy misy tomika hatramin'izao. Ankoatra izany dia voalaza fa misy ny taky nataon'ny FIFA amin'ny fanazavana ny taratasy sasany momba ny fikirakirana ara-bola (Pièces justificatives de Compte de Reserve), nanomboka tamin'ny taona 2018 ka hatramin'ny 2023. Tsy sakana ho an'ny fampandrosoana ny baolina kitra malagasy anefa izany fa mirotsaka hatrany ny bolongam-bola fanampian'ny Federasionina Iraisam-pirenena ny FMF (Fonds FIFA Forwards), kirakiraina amin'ity taona ity, izay mitentina 1.250.000 dolara na 5.662.800.000 Ariary (MGA ; 1 $ = 4530,24 MGA). Mbola ambonin'izany ny fanampian'ny mpiara-miombon'antoka efa mahazatra sy ny vao miditra toy ny STAR, ary ny « Confédération Africaine de Football (CAF)». Mialoha ny hitaterana sy ampahafantarana an'ireo lohahevitra marobe tamin'ny dinik'asa natao, dia ialan-tsiny ety am-piandohana fa mba isorohana ny tsy fitovian-kevitra na fahadisoana, dia niniana tsy nadika amin'ny tenin-drazantsika ny teny frantsay manazava sy mitatitra ny momba ny vola miditra sy mivoaka. Tahaka izao ny momba azy ireo :

**1°/ "BUDGET PREVISIONNEL 2024 – Revenu Prévisionnel"**
*-Fonds FIFA Forward : 1.250.000 $ (5.6662.800.000 MGA) ; -Solidarité Voyage : 250.000 $ (1.132.560.000 MGA) ; -Equipements : 50.000 $ (226.512.000 MGA) ; -Subvention annuelle 2024-2025 CAF : 275.000 $ (1.245.816.000 MGA) ;- Subvention des projets de développement : 3.000.000 $ (13.590.720.000 MGA) ;- Autres Revenus : 4.415 $ (20.000.000 MGA) ;- Partenaires officiel TELMA : 110.369 $ (534.000.000 MGA) ;- Brasserie STAR : 44.142 $ (199.973.854 MGA)*



**Fanazavana sy famakafakana ary adihevitra ho entina hampandrosoana ny baolina kitra.**

**2°/ "BUDGET PREVISIONNEL 2024 – Depenses Prévisionnel"**
*-Depenses de développement / Projets Forward : 13.531.797.010 MGA ; - Rédynamisation des Ligues : 1.350.008.540 MGA ; -Depenses liées aux Compétitions / Depenses directes – Frais de Match : 9.074.803.549 MGA ; -Frais administratifs généraux / Coût Personnel : 1.958.878.000 MGA ; -Locaux / logements / Réunions : 3.353.457.066 MGA ….*

**3°/ "ACQUISITION DE MATERIELS ROULANTS »**
*-1 Autocar "Jumbo"/ 1 Minibus "High Roof" / 1 Vehicule de Service / 2 motos : 247.967,95 $ (1.124.841.363 MGA)*

**4°/ "REHABILITATION et RENOVATION du Centre Technique National Carion "**
*-Amenagement de l'exterieur - Rehabilitation du batiment dortoir /auditorium/bureau admnistratif/refectoire/gradins et sanitaiores/aire de jeu : 2.279.735,85 $ (10.224.615.305,89 MGA).*

**Tsara ho fantatra**

Betsaka ny tetikasa ho vitaina amin'ity taona 2024 ity. Laharam-pahamehana tamin'ny lohahevitra nodinihina ny momba ny : - Fifaninanam-pirenena, karakaraina isaky ny sokajin-taonan'ny mpilalao. Ezahina ho tanterahina ao anatin'ny telo taona (2023 – 2026) ny ametrahana ekipam-pirenena isaky ny sokajin-taona, izay handray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena - Tsy atao ambanin-javatra ihany koa ny fanatsarana ny lenta sy ny fiasan'ny mpitsara lalao ary ny mpiara-miasa aminy (commissaire au match – jeune arbitre – assesseurs d'arbitres…Elaboration de la stratégie de développement des arbitres). - Tsy natao ambanin-javatra ihany koa ny fahazoan'ny klioba karapilalaovana - Fanamboarana kianja « beach soccer » ao anatin'ny kianjan'i Mahamasina, izay ho vita amin'ny faran'ny volana jona 2024 - Fampitaovana ny birao fiasan'ny federasionina sy ny ligim-paritra rehetra. Tafiditra ao anatin'izany koa ny "bus" ho an'ny Barea de Madagascar, SUV an'ny DTN, SUV fiara hiasana ary "môtô" anankiroa – Fividianana fitaovan-tseraserasera matihanina – Fametrahana "Video Assistant Referee (VAR)" sy fanofanana ny mpitsara hiandraikitra ny fikiarakirana azy – Ahazo fitaovana koa ny mpitsara lalao (Polar / GPS) – Fanatsarana entina hampirindra tsara ny fitantanana ny baolina kitra dia hisy ny fanofanana sy ny dinik'asa matetika, izay hatao ho an'ny mpikirakira rehetra an'ity taranja ity (…)

**aris rafaly**


**Ireo mpizaika manaiky ny anohizan'ny FMF ny fitantanana ny baolina kitra eto amintsika.**

# ANY IVELANY




****Lalao olympika 2024 / Basket USA.*** – Tapa-kevitra hamerina ny lazan'ny Dream Team tamin'ny taona 90 tany ho any ny mpitantana ny basket amerikanina ao amin'ny National Basketball Association, ka tsy nisalasalasa niantso an'ireo kintan'ity taranja ity rehetra any aminy, hiatrika ny Lalao Olympika 2024 any Paris (France) . Araka izany dia nivoaka ny lisitr'ireo mpilalao 11 mirahalahy kanefa mbola tsy ampy anankiray raha toa ka tokony ho 12 ny isa ilaina. Mampametra-panontaniana ny mpanaraka basket-ball ny antony mahatonga an'izany tsy fahampian'ny mpilalao izany, satria raha ny lalàna mifehy an'ity taranja ity dia 12 no tokony soratana ao anaty lisitra. Tahaka izao ny momba an'ireo mpilalaon'ny USA : Steph Curry - Lebron James - Kevin Durant - Jayson Tatum - Joel Embiid - Devin Booker - Tyrese Haliburton - Anthony Edwards - Jrue Holiday - Bam Adelayo - Anthony Davis.

****Ligue des Champions.*** – Novidian'ny mpanazatra Xavi Hernandez lafo ny namoahana an'i Lamine Yamal, kanefa nanahirana ny vodilaharana parizianina izy, izay nanamontsana ny Barca tamin'ny isa 4 no ho 1 tao Nou Camp. Rehefa natao ny tambatr'isa dia nahavita « Remontada » 6 no ho 4 ny PSG. Marihina fa ankoatra an'i Araujo dia mbola nomen'ny mpitsarara lalao karatra mena koa ny mpanazatran'ny "Blaugrana", izay nanakiana mafy an'ilay mpitantana ny lalao ho nanimba an'iny fihaonana iny. Lamine Yamal, izay nanolotra baolina an'i Raphinha (12 mn), nitarihan'ny tompon-jaridaina tamin'ny isa.

**a.r**



## Sarisary zary tenany

*Ry sokatra*




## Hatsikana an-tsary

*Lany daty*




## Masoandro miposaka

**FILIPIANA 4:9**


**"Ataovy izay efa nianaranareo sy efa noraisinareo ary efa renareo sy efa hitanareo tamiko; ary ho aminareo ny Andriamanitry ny fiadanana.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Raha baka mahay manori-rana hianao, izaho mba kirongo tsy misy hidirana.**

Si vous avez des cornes dirigées en dehors et pouvez ainsi donner des coups de côté, moi par contre, j'ai les cornes tournées en dedans et vous ne pourrez pas entrer.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3223**


| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 1 | | | | 5 | | |
| 7 | | | | 2 | | | | 4 |
| 2 | 3 | | 8 | | 5 | | 6 | 1 |
| 1 | | | | | | | | 8 |
| | 7 | | | 4 | | | 1 | |
| 6 | | | | | | | | 7 |
| 3 | 1 | | 2 | | 7 | | 4 | 6 |
| 9 | | | | 1 | | | | 3 |
| | | 2 | | | | 1 | | |

Valin'ny laharana **3222**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 6 | 5 | 7 | 2 | 9 | 4 | 3 | 1 |
| 3 | 9 | 2 | 4 | 5 | 1 | 8 | 7 | 6 |
| 1 | 7 | 4 | 6 | 3 | 8 | 5 | 9 | 2 |
| 4 | 1 | 9 | 8 | 6 | 2 | 7 | 5 | 3 |
| 2 | 5 | 3 | 1 | 4 | 7 | 9 | 6 | 8 |
| 6 | 8 | 7 | 3 | 9 | 5 | 2 | 1 | 4 |
| 5 | 4 | 1 | 2 | 7 | 6 | 3 | 8 | 9 |
| 7 | 3 | 8 | 9 | 1 | 4 | 6 | 2 | 5 |
| 9 | 2 | 6 | 5 | 8 | 3 | 1 | 4 | 7 |

Antananarivo Renivohitra

# Handray ny hetsika “Festival Fanorona”



**Fampiroboroboana ny lalaon-tsaina fanorona sy ny kolontsaina malagasy ny Festival Fanorona.**

Anisan’ny hetsika nahasarika mpilalao fanorona teny amin’ny Distrikan’Ambohidratrimo ny “Festival Fanorona” nokarakarain’i Souleman mpikabary niaraka tamin’ny vovonana Fanorona Analamanga tamin’ny alàlan’i Jean Marie Lalao na Zamabe. Raha itodihana kely ny Festival Fanorona teny Ambohidratrimo dia nisy ny fampiratiana sy ny velakevitra mikasika ny fanorona fa anisan’ny nanamarika azy ihany koa ny fifaninana izay nandraisan’ny kaominina manodinana anjara. Nandritra ny fankalazana ny faha-202 taona namonoana ny printsy Ratsitantanina teo dia maro anisan’ny navoitra tamin’ny alàlan’ny velakevitra ny mikasika ny fanoroana izay nitondrana ny lohahevitra hoe « *Raha nanana ny Baiboly ny krisitianina, raha nanana ny korana ny Silamo, ny malagasy kosa nanana ny fanorona* » Nandritra izany no nanoritsoritan’ny mpandahateny fa ny fanorona dia endri-pahalalana tsy hita pesipesenina ho an’ny fiarahamonina Malagasy. Voasoritra ao anatin’izany ny marina, ny rariny, ny hitsiny fa mbola ao koa ny marimaritra iraisana.

**Teti-panorona**

Ny fandroana, ny sikidy zay hamaritana ny toe-piainan’ny olona tsirairay na koa ny firenena iray mihitsy dia anisan’ny zava-dalina fonosin’ny Fanorona. Fa tsy azo hadinoina ihany koa ny kabary izay nipoiran’ny teti-panorona 21 dia literatiora ranoray.

Tamin’io fotoana io nampahafantarana ny fanorona io moa no tafaresaka tamin’ny Tale Jeneralin’ny kolontsaina eo anivon’ny minsiteran’ny serasera sy kolontsaina, Francis Razafiarison i Souleman mpikabary sy Zamabe mpilalao sy mpandinika fanorona. Nandritra izany no niresahana mikasika ny hanaovana ny Festival Fanorona eto Antananarivo Renivohitra mba ahafantaran’ny tanora ny zava-miafin’ny fanorona teo amin’ny Malagasy. Nanaiky ary nilaza ny hikarakara izany moa ny Talen’ny kolontsaina Francis Razafiarison. Eo am-pandaminana ny fotoana sy ny toerana hanatanterahana izany ny andaniny sy ny ankilany amin’izao fotoana izao.

Tiaray R


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 640 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

## Mofo voanio

**Zavatra ilaina :** lafarina 750g, voanio 1, atody 2, siramamy 150g, dobera na menaka 150g, sira iray tsongo.

**Fikarakarana azy :** Kapohina miaraka anaty lovia jobo ny atody sy ny siramamy ary avela hiakatra tsara. Atsonika ny dobera na maka menaka dia arotsaka ao anatin'ilay fangaro ary tohizana kapohina. Kikisana ary totoina halemy tsara ny voanio. Arotsaka tsikelikely ao anaty fangaro ny lafarina sy ny voanio. Afangaro tsara izy rehetra avy eo. Afaka asiana vovo-dronono hanatsara ny tsirony. Bolabolaina araka izay endrika itiavana azy. Afanaina ny menaka dia endasina tsikelikely. Rehefa mahazo loko dia vita.

Mazotoa homana !

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**13 avril au 19 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny fahanginana tsy hoe manaiky foana foana, fa fiatoana sy faingo iray ijanonana, hanohizana indray ny fanazavana izay tsy ampy sy tsy azo hatramin'izay"

**Ny Vetso (29.10.16)**

("Le silence ne signifie pas toujours être d'accord, il peut aussi signifier : je suis fatigué d'expliquer des choses à quelqu'un qui ne les comprend pas.")

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Dessins animés
10.05 : Full sport ®
10.30 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.30 : A votre santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.50 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.30 : Royal Chapel
18.00 : Mahandro ®
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Film Frisson
23.00 : Journal international
00.00 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Romantique
04.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV ®
05.00 : Série ®
05.30 : Kristy mandamina ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

K

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun ®
13.15 : Alalino ®
14.10 : Le Journal de l'Economie ®
14.25 : Kolo Ts'Art ®
14.55 : Passion d'Ados
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Andry Rajoelina

# Nitondra paikady maharitra amin'ny olana sedrain'ny vahoakan'i Toamasina

*Nandritra ny lahateniny nanokafana ity filan-kevitry ny minisitra ity dia nanome toromarika izy ny hanajana na ny hametrahana fe-potoana hentitra hamitana ireo tetikasa isan-karazany ireo.*



Ity no filankevitry ny minisitra voalohany natao tany amin'ny faritra "decentralisé" ho an'ity fotoam-piasana faharoa an'ny filoha Rajoelina Andry ity.

Nifantoka tanteraka tamin'ny asa fampandrosoana an'i Toamasina ny votoatin'ny filankevitry ny minisitra, omaly. Manaporofo izany ireo tetik'asa maro be hatao ao amin'ity faritra antsinanana ity, raha tsy hilaza fotsiny isika ny fametrahana paik'ady entina hanarenana ny tanàna, ny fitohizan'ny fanamboarana an'i Miami, ilay arabe migodana mihazo ny seranan-tsambon'i Toamasina sy ny lalam-pirenena faharoa. Eo koa ny fanamboarana ny lalana « Boulevard » Ratsimilaho….sns. Tsy ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta irery ihany no nanatrika ilay fivoriana fa teo koa ireo tomponandraikim-panjakana eny ifotony izay mahafantatra tsara ny zava-misy any an-toerana. Nitondra vahaolana maharitra amin'ny olana sedrain'ny vahoakan'i Toamasina, ny filoha Andry Rajoelina**.** Nandritra ny lahateniny nanokafana ity filan-kevitry ny minisitra ity dia nanome toromarika izy ny hanajana na ny hametrahana fe-potoana hentitra hamitana ireo tetikasa isan-karazany ireo.

**Tekinisianina**

*« Ankoatra ny resaka fanamboarana, dia ilaina fantarina ihany koa ny anton'ny fahasimbana. Ohatra ny antony fahapotehan'ny lalam-pirenena faharoa na ny « RN2 ». Kamiao be 900 eo ho eo isan'andro no mivezivezy amin'iny lalam-pirenena. Ny vesatry ny entana entin'ireo kamiao mpitondra kaotenera sy entana isan-karazany ireo, izay tonga hatramin'ny 40 taonina na 60 taonina mihitsy aza. Izany fampiakarana ny vesatry ny entana izany na ny « tonnage » ho an'ireo kamiao mpitatitra entana ireo moa dia fanapahan-kevitra noraisin'ny minisitra izay nitantana ny ministeran'ny Asa vaventy tamin'ireny fotoan'andron'ny « COVID-19 » ireny. Noraisiny tamin'ny alalan'ny "arrêté ministériel" izany. Ary tsy nanaraka ny hevitr'ireo tekinisianina io minisitra io, na dia nambara taminy fa enimbolana dia ho simba ny lalana raha ampiakarina ny « tonnage ». Ankoatra izay ny tsy fandehanan'ny fandajana fiara na ny "station de pesage" eto Toamasina. Anisany manampy totraka ny tsy fanajana ny fepetra amin'ny vesatr'ireo kamiao, hitandroana ny tsy fahasimban'ny lalana izany »* : araka ny fanazavan'ny filohan'ny repoblika teo anatrehan'ireo Minisitra sy ny tomponandraikitra tao Toamasina.

**Fomba fiasa vaovao**

Tapaka moa fa tsy maintsy averina ny fampandehanana ilay toeram-pandanjana fiara. Eo koa ny fametrahana ny fomba fiasa vaovao mba tsy hahapotika ny lalana satria tsy hanamboatra lalana fotsiny no mahamaika antsika fa hanala ny aretina. Ka ho jerena ny hitsaboana maharitra, hoy ihany ny filoha Rajoelina. Mahakasika ny filakevitry ny minisitra isam-paritra na "décentralisé" dia any Avaratry ny Nosy, izany hoe Antsiranana, sy Mahajanga indray no handray izany amin'ny manaraka, avy eo kosa dia hitohy any Atsimo, Toliara sy Fianarantsoa. Tanjona ny hanakaikezan'ny fanjakana ny vahoaka, ary hijerena ny fampandrosoana tokony hatao eny ifotony.

**Deyland**

BNGRC

# Mitentina 338 000 miliara Ariary ny filàna hanarenana ny fahavoazana navelan'ny Rivodoza Gamane

Mbola mitondra takaitra goavana ny faritra avaratry ny Nosy vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Gamane. Raha ny tatitra farany navoakan'ny BNGRC dia Mitentina 338 000 miliara ariary any ho any ny fanampiana ilain'ny Madagasikara ho entina hanarenana ireo fahavoazana goavana. Maro be ireo fotodrafitrasam-panjakana simba, ny lalana, ny tetezana, ny sekoly sy ny tranom-panjakana isan-karazany. An-jatony hektara maro koa ny tanimbary tototry ny rano. Misy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka ireo. Eo ny fiakaran'ny vidim-piainana, ny tsy fahasalamana, ny mpianatra tsy afaka mianatra…sns. Tsy vitan'ny malagasy irery ny fanarenena ka manoloana io no tsy maintsy hitadiavana fanampiana. Efa maro moa ireo firenena izay manolotanana nanampy an'i Madagasikara ny amin'izao voina mahazo ny mpiray tanindrazana izao. Na izany aza tsy mikely soroka ihany koa ny fanjakana malagasy ny amin'ny ezaka hamerenana amin'ny laoniny ny fianan'ireo vahoaka izay voakasiky ny loza. Ho an'i distrikan'i Sambava, Antalaha sy Andapa ohatra dia nahitana tsy fahatomombanana ny famatsiana solika. Tapaka ny tetezana Manambery, teboka halavirandalana « *PK 173+000* » any amin'ny lalam-pirenena fahadimy « *RNS 5A* » ka tsy maintsy nitady vahaolana mba nahafahana nampita solika teo ny tomponandraikitra. Anisan'izany ny fanamboarana fantsona na « transvasement » ataon'ny fiara mpitatitra solika avy any Vohemar mankany Sambava, Antalaha ary Andapa. Narenina ny fifamoivoizana mba nahafahan'ireo fiarabe mpitatitra solika mivezivezy miainga avy any Vohemar hatreo Manambery, manatanteraka ny « transvasement », sy miainga eo Manambery hatrany Sambava.Io fanapan-kevitra io dia niarahana tamin'ny Ministeran'ny angovo sy akoranafo, ny « *OMH, ny GPM, ny LPSA* » ary ny tomponandraikitra any an-toerana ho famerenana amin'ny laoniny ny famatsiana solika ao anatin'ny distrika efatra ao amin'ny faritra SAVA.



Fahavoazana nateraky ny rivodoza Gamane, tao amin'ny faritra Avaratry ny Nosy.

**Famatsiana**

Nanazava ny Tale jeneralin'ny BNGRC fa efa miroso ny famatsiana sakafo an'ireo vahoaka any an-toerana. « *Efa tonga ny ampahany voalohany amin'ny sakafo ho an'ireo olona marefo tao amin'ny kaominina 6 ao anatin'ny distrikan'Ambilobe. Efa tody koa ny an'i Mananara avaratra sy Maroantsetra. Tombanana amin'ny alakamisy no hiainga ny sambo hitondra ny sakafo hanampiana ireo fianakaviana any amin'ny faritra SAVA. Mahakasika an'Ambilobe sy Vohemar, ny andro voalohany taorian'ny voina no niantohana vonjy maika ny tena filan'ny mponina tra-doza. Ankoatra ireo dia anisany nitondra takaitra goavana noho iny rivodoza Gamane iny koa ny tao amin'ny faritra Atsimo antsinana, sy ny faritra Fitovinany. Nitondra fanampiana ihany koa ny fanjakana entina hanarenana ny fahasimbana sy hamerenana vonjimaika ny fiainana andavanandron'ny mponina ao an-toerana* » : hoy ny jeneraly Elack Olivier Andriakaja, Tale jeneralin'ny « BNGRC ».

**Israely**

Tsara ho marihina fa vao omaly no nandray ny solontenan' ny masiovoho Israely izay miandraikitra an'ny Madagasikara ny BNGRC. Nitondra fanampiana ho an'ireo fianakaviana sahirana any amin'ny faritra Avaratra Atsinanana ireto vahiny ireto, tamin'ny alalan'ny ramatoa Sylvia Mamiarivelo izay filohan'ny Antenimieran'ny varotra "*chambre de commerce*" Israely-Madagasikara. Tokantrano sahirana miisa 400 ahitana olona miisa 2000 no hisitraka izany. Ahitana vary milanja 4,8 taonina, legioma 1,2 taonina ary menaka 1 Litatra miisa 400. "*Na dia misedra fahasahiranana ny firenena Israeliana nanomboka ny 7 oktobra lasa teo, tsy manadino ny fiaraha-miasa amin'ny firenena malagasy. Fiatombohany ihany izao tolotra fanohanana ny traboina izao" :* hoy ny Filohan'ny Antenimieran'ny Varotra Israeliana eto Madagasikara, Mamiarivelo Sylvia.

**Deyland**

# TENY REHETRA TENY

**Natao omaly ny fisarihana ny laharana ho an'ireo kandidà solombavambahoaka teto amin'ny firenena. Araho an-tsary izany raha ny teto Antananarivo Renivohitra tany amin'ireo Firaisana (Sary Kelly R.)**















